Sampan-draharahan' ny
Filazambaovoon' ny
Firenena Mikambana

# DINAN' NY FIRENENA MIKAMBANA

# sy

# SATA MIFEHY

# ny

# FITSARANA IRAISAM-PIRENENA

JAN 26 1995

Firenena Mikambana

## DINAN' NY FIRENENA MIKAMBANA
## SY
## SATA MIFEHY NY FITSARANA
## IRAISAM-PIRENENA

Nosoniavina tany San Francisco tamin' ny 26 Jona 1945 ny Dinan' ny Firenena Mikambana tamin' ny fifaranan' ny Kaonferansin' ny Firenena Mikambana momba ny lamin-draharaha iraisam-pirenena. Nanan-kery nanomboka tamin' ny 24 Oktobra 1945 izy io. Ny satan' ny Fitsarana iraisam-pirenena kosa dia ao anatin' ny Dinan' ny F.M.

Nisy fanitsiana ny andininy faha-23, 27 sy 61-n' ny Dina nolanian' ny Fivoriambe tamin' ny 17 Desambra 1963 ary nanomboka nanan-kery tamin' ny 31 Aogositra 1965. Mbola nisy ihany koa fanitsiana ny andininy faha-61 nolanian' ny Fivoriambe tamin' ny 20 Desambra 1971 ary nanan-kery nanomboka tamin' ny 24 Septambra 1973. Ny fanitsiana ny andininy faha-109 kosa dia nolanian' ny Fivoriambe tamin' ny 20 Desambra 1965 ary nanan-kery nanomboka tamin' ny 12 Jona 1968.

Ny fanitsiana natao tamin' ny andininy faha-23 dia nampitombo ho 15 ny isan' ny mpikambana ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana izay 11 teo aloha. Ny fanitsiana ny andininy

faha-27 kosa dia milaza ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana dia tsy maintsy hankatoavin' ny mambra 9 (mambra 7 tany aloha) (fanapahan-kevitra momba ny fombafomba arahina amin' ny fandinihan-draharaha izany); raha toa kosa ka fanapahan-kevitra mikasika zavatra hafa dia, ilaina ny faneken' ny mambra 9 (7 koa tany aloha), ka voaisa amin' izany koa ny vaton' ireo firenena dimy mpikambana maharitra ao amin' ny Filan-kevitra.

Ny fanitsiana ny andininy faha-109 mikasika ny paragrafy I amin' io andininy io, dia milaza fa azo voriana ny Fivoriamben' ny F.M. mba hanova ny Dina, amin' ny toerana sy daty izay hoferan' ny Fivoriambe ihany, raha eken' ny androatokon' ny mpivory, miampy ny vaton' ny anankiray amin' ny mpikambana maharitry ny Filan-kevim-pilaminana 9 (izay 7 taloha). Ny paragrafy faha-3 amin' ny andininy faha-109 kosa izay milaza fa tokony hodinihin' ny Fivoriambe amin' ny fivoriany ara-potoana na faha-10 ny fiantsoana kaonferansy hanovana ny Sata, dia notazonina amin' izany endriny izany tsy miova na voafaritra kosa aza fa ilaina ny vaton' ny iray amin' ireo mpikambana 7 amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Tamin' ny 1955 dia samy nankatoa io paragrafy io ny Fivoriambe sy ny Filan-kevim-pilaminana.

## *IZAHAY, VAHOAKAN' NY FIRENENA MIKAMBANA, DIA TAPA-KEVITRA :*

hiaro ny taranaka mandimby amin' ny voka-dozan' ny ady izay in-droa teo amin' ny tantaran' ny zanak' olombelona no nampitondra fahoriana mafaitra azy loatra,

hanao antso avo indray ny finoanay ny zo fototry ny olombelona, ny fahamendrehany sy ny sata maha-izy azy ao aratin' ny fitovian-jo tanteraka na lehilahy na vehivavy, torak' izany koa ny fitovian-jon' ny firenena na lehibe izy na kely,

hanorina fifampitondrana ilaina mba hahazoa-mitandro ny rariny sy hanajana ireo faneva samihafa nateraky ny fifanekena samihafa sy ny lalàna iraisam-pirenena, handrisika ny fandrosoana sos'aly sy hanao izay hisian' ny rafi-piainana tsara kokoa ao anivon' ny fahafahana.

## *ARY MBA HAHATANTERAKA IZANY DIA*

manaiky hifandefitra, hiara-monina tsy misy raorao, hampitambatra ny hery hi-

tandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena,

manaiky ireo foto-kevitra sy ny lamina samihafa miantoka ny tsy hisian' ny fampiasan-kery sy fiadiana, raha tsy hoe angaha takian' ny tombon-tsoa iombonana izany,

hanentana ny fikambanana iraisam-pirenena samihafa hanafaingana ny fandrosoana ekonomika sy sosialy eo amin' ny vahoaka rehetra,

***MANANAPA-KEVITRA***
***KOA IZAHAY***
***FA HAMPITAMBATRA***
***NY FIEZAHANAY***
***MBA HAHAZOANA***
***MANATANTERAKA IREO.***

Noho izany, ny governemantanay tsirairay avy, tamin' ny alalan' ireo solontenanay, izay nivory teto San Francisco ary nahazo ny fanomezam-pahefana no ara-dalàna dia ity Dina ity, ka nampijoro tamin' ny alàlan' izany lamina iraisam-pirenena izay mitondra ny anarana hoe FIRENENA MIKAMBANA.

## TOKO VOALOHANY

### *Andininy voalohany*

Toy izao manaraka izao ny zava-kinendrin' ny Firenena Mikambana :

1) Mitandro ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena ary amin' izany dia mandray ny fepetra iombonana rehetra mba hahazoa-misoroka sy manalavitra ny rahon' ady ary manasazy ny asam-pampijaliana rehetra na asa manapotika ny fandriampahalemana, ka miezaka mandrindra ny fifanolanana rehetra amin' ny alàlan' ny fampihavanana sy amin-kamoràna.

2) Mampitombo ny fifandraisana am-pifankatiavana eo amin' ny firenen-tsamihafa miorina amin' ny fanajana ny foto-kevitry ny fitoviana eo amin' ny zon' ny vahoaka sy ny zony koa hahazo misahana ny raharahan' ny tokan-tranony, ka handraisany koa ny fepetra samihafa ilaina mba hanamafy orina ny fandriampahalemana eran-tany.

3) Manatanteraka ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena amin' ny famahana ireo olana iraisam-pirenena na eo amin' ny lafiny ekonomika na sosialy na koltoraly, ka mandrisika kosa ny hisian' ny fifanajana eo amin' ny samy olombelona, ny hitandroana ny fahafahana fototra rehetra ho an' ny olon-

drehetra, ka tsy hasiana avakavaka ara-pirazanana, ara-bolon-koditra, lahy na vavy, fiteny na fivavahana.

4) Ho toy ny foibe ifandraisan' ny rehetra handrindrana ny ezaka iombonana eo amin' ny firenen-tsamihafa mba hahalavorary ireo tigetra iombonana ireo.

## *Andininy faha-2*

Eo am-pikatrohana hahatanteraka ireo zava-boalaza eo amin' ny andininy voalohany ireo, ny Firenena Mikambana sy ny mpikambana ao aminy dia tsy maintsy miasa araka izao foto-kevitra izao :

1) Ny F.M. dia miorina eo amin' ny fitoviana tanteraky ny mpikambana ao aminy.

2) Ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M. dia tsy maintsy manatanteraka ny fanefa voalazan' ny Dina, ka amin-kitsim-po no hanaovana izany hahazoan' ny rehetra mizaka am-pitoviana ny zony sy ny tombontsoa aterak' izany.

3) Amim-pomba feno filaminana no tsy maintsy hamahan' ny mpikambana ny olana iraisam-pirenena eo aminy mba tsy hahatonga ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena ho tandindomin-doza.

4) Ny mpikambana ao amin' ny F.M. dia mifady mihitsy ny hampiasa hery hamelezana ny maha-iray ny tanin' ny hafa na ny faha-

leovantena politikan' ny hafa na fihets'ka hafa mifanohitra amin' ny tigetry ny F.M.

5) Ny mpikambana ao amin' ny F.M. d'a manaiky hanampy azy amin' ny asa rehetra ataony ho fanatanterahana ny dina ary tsy hanampy kosa izay firenena handraisan' ny F.M. fepetra famaizana na fanitsian-dia.

6) Miezaka ny F.M. mba hanainga ireo firenena tsy mbola ao anatiny hiasa koa araka ny tigetry ny F.M. mba hahazoana mitandro hatrany ny fandriampahalemana sy ny filaminana.

7) Tsy misy mihitsy andininy milaza ato fa mahazo mitsabaka amin' ny raharahan-tokan-tranon' ny firenena iray mpikambana ao amin' ny F.M., ka hita fa tena ao anatin' ny fahefan' ilay tany ny momba izany. Tsy mahazo manery ny tany mpikambana koa izy mba hampiditra hodinihin' ny raharaha manana endrika tov izany. Ity fotokevitra ity kosa nefa dia tsy manohintohina na dia kely aza ny fampiharana ny fepetra voalazan' ny Toko faha-VII.

TOKO II

## *Andininy faha-3*

Izay Fanjakana rehetra manao sonia ny dinan' ny F.M. na nandray anjara tamin' ny kaonferansin' ny F.M. tany San Francisco na ny Fanambaran' ny F.M. tamin' ny 1 janoary 1942 dia mpikambana.

## *Andininy faha-4*

1) izay Fanjakana rehetra liam-pandriampahalemana ka manaiky fanefa sy dinan' ny F.M. dia samy mety ho tonga mpikambana daholo na izay heverin' ny F.M. fa afaka hanatanteraka izany.

2) Ny fandraisana ny mpikambana ao amin' ny F.M. izay Fanjakana nahafeno ireo fepetra ireo dia vokatry ny fanapahankevitry ny Fivoriambe araka ny tolo-kevitry ny Filan-kevim-pikambana.

## *Andininy faha-5*

Raha misy mpikambana nandraisan' ny F.M. fanapahan-kevitra manafay na manitsy azy dia azon' ny Fivoriambe hahantona tsy ho mpikambana izy araka ny tolo-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana, ka miaro araka izany koa ny fizakana ny zo sy tombon-tsoa rehetra ateraky ny maha-mpikambana. Ny Filankevim-pitondrana no afaka mamerina indray ho an' ilay mpikambana izany zo sy tombontsoa izany.

## *Andininy faha-6*

Raha toa misy mpikambana mandika matetika ny foto-kevitry ny F.M. ao amin' ity Dina ity dia azo esorina mihitsy izy, ka ny Fivoriambe no manapa-kevitra ny fanesorana azy araka ny tolo-kevitry ny Filankevim-pilaminana.

## TOKO III

### *Andininy faha-7*

1) Naorina ao amin' ny F.M. ireto sampana lehibe toy ny fela-tàna-manainga ny fisiany ireto : Fivoriambe, Filan-kevim-pilampianana, Filan-kevitra ekonomika sy sosialy, Filan-kevim-pitantanana, Fitsarana iraisam-pirenena ary ny Sekretaria.

2) Ireo sampana hafa heverina fa ilaina dia mbola azo foronina mifanaraka amin' ity Dina ity.

### *Andininy faha-8*

Tsy misy fepetra mihitsy ao amin' ny F.M. momba ny fahazoan' ny lehilahy sy vehivavy manao ny asa samihafa ao amin' ireo sampana lehibe sy salasalany.

## TOKO IV

### *Andininy faha-9*

1) Ny Fivoriambe dia ahitana ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M.

2) Dimy raha be indrindra no isan' ny solontenan' ny mpikambana tsirairay ao amin' ny Fivoriambe

### *Andininy faha-10*

Afaka miady hevitra mikasika ny raharaha rehetra voafaritr' ity Dina ity ny Fivoriambe na izay mikasika ny iray amin' ireo sampana

miasa ao anatin' ny F.M., ary araka ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M. ho an' ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andininy faha-11*

1) Afaka mandinika ny foto-kevitra ankapobe momba ny fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana ny Fivoriambe, izany koa ny adi-hevitra momba ny fampihenam-piadiana sy ny fepetra mikasika ny fitaovam-piadiana. Mandefa hafatra ihany koa ho an' ny fikambanana, ho an' ny filankevim-pilaminana.

2) Rehefa nampandrenesin' ny iray amin' ireo sampana samihafa fa ao aminy ny fivorambo dia azony atao ny miady hevitra momba ny fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana mifanaraka amin' ny paragrafy faha-2 ao amin' ny andininy faha-35. Afa-tsy izay voalazan' ny andininy faha-12 dia azon' ny Fivoriambe ny mandefa hafatrafatra ho an' ilay Fanjakana voakasiky ny raharaha na ho an' ny mpikambana rehetra, na koa ho an' ny Filan-kevim-pilaminana. Ny raharaha izay hita kosa dia mila asa manokana ny fampiharana ny fepetra momba azy dia averin' ny Fivoriambe any amin' ny Filan-kevim-pilaminana rehefa avy nodimandry na talohan' ny nandinihany azy mihitsy aza.

3) Afaka misintona ny fisain' ny Filan-kevim-pilaminana ny fivoriambe eo anatrenan' ny tarehin-javatra izay hitany fa mahatonga ny fandriampahalemana ho tandindomin-doza.

4) Ny fahefanan' ny Fivoriambe izay voatanisa eto dia tsy manisy fetra amin' ny zava-boalazan' ny andininy faha-15 akory.

## *Andininy faha-12*

1) Rehefa nisy fifanolanana nanaovan' ny Filan-kevim-pilaminana fanapahan-kevitra dia tsy azon' ny Fivoriambe hanaovana hafatrafatra intsony raha tsy hoe angaha nangataka azy hanao izany ny Filan-kevim-pilaminana.

2) Isaky ny fotoam-pivoriana dia ampahafantarin' ny Sekretera Jeneralin' ny Fivoriambe ny momba ireo raharaha nodinihana ka mikasika ny fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena izay iadidian' ny Filan-kevim-pilaminana. Mampandre ny Fivoriambe koa izy ary raha toa tsy mivory io dia ny fanjakana mpikambana raha toa misy raharaha izay efa najanon' ny Filan-kevim-pilaminana ny fandinihana azy.

## *Andininy faha-13*

1) Mampandinika sy manao hafatrafatra ny Fivoriambe mba :

a) hampivelatra tsara ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena eo amin' ny lafiny politika ary koa hampahomby ny asa entimampandroso ny fanajana ny zo iraisampirenena sy ny momba azy;

b) hampivelatra koa ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena eo amin' ny lafiny ekonomika, sosialy, koltoraly, fanabeazana sy fahasalamana ary hanamora ny hahazoan' ny rehetra mizaka ny zony eo amin' izany lafin-javatra voatanisa izany.

2) Ireo andraikitra hafa mitanisa ny asa amam-palefan' ny Fivorimbe kosa indrindra izay mikasika ireo raharaha voalaza ao amin' ny paragrafy 1 b etsy ambony dia tanisain' ny Toko 9 sy faha-10.

## *Andininy faha-14*

Afa-tsy izay voalaza ao amin' ny andininy faha-12 dia azon' ny Fivoriambe atao koa ny mampandray fepetra ahazoa-miaro am-pilaminana ny fifandraisana amim-pifankatiavana eo amin' ny firenen-tsamihafa, ny misoroka izay rehetra mety hiteraka fifanolanana eo amin' ny firenen-tsamihafa, araka izay efa voatanisa rahateo ao amin' ny foto-kevitra aman-tigetry ny F.M.

## *Andininy faha-15*

1) Raisin' ny Fivoriambe sy dinihany ny tatitra isan-taona sy tatitra manokana ataon' ny Filan-kevim-pilaminana. Ireny tatitra ireny no mitanisa ireo fepetra samihafa fa noraisin' ny Filan-kevim-pilaminana nentin'ny niaro ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena.

2) Mbola raisin' ny Fivoriambe sy dinihany ihany koa ny tatitra ataon' ny sampana hafa ao amin' ny F.M.

## *Andininy faha-16*

Momba ny fitantanana ireo tany napetraka ho sahanin' ny F.M. dia ny Toko faha-12 sy faha-13 no mitanisa ny andraikitry ny Fivoriambe amin' izany. Ankoatr' izany dia ny Fivoriambe no mankatoa ny fifanarahana mikasika ny fitantanana ireo tany tsy mba voatondro ho faritra stratezika.

## *Andininy faha-17*

1) Ny fivoriambe no mandinika sy mandany ny teti-bolan' ny Firenena Mikambana.

2) Ny fandaniana rehetra ataon' ny Firenena Mikambana dia zakain' ny Fanjakana mpikambana rehetra araka ny fitsinjarana ataon' ny Fivoriambe.

3) Ny kojakoja ara-bola rehetra nifanaovana tamin' ireo sampana manokana ao anatin' ny F.M. dia ny Fivoriambe koa no mandinika sy mandany izay soritan' ny andininy faha-57, ny Fivoriambe koa no mandinika ny teti-bola administratifan' ireo sampana isantokony ary afaka manao hafatrafatra ho azy ireo izy amin' izany.

## *Andininy faha-18*

1) Vato iray no alatsaky ny mpikambana iray ao amin' ny Fivoriambe raha misy latsa-bato atao.

2) Raha misy fanapahan-kevitra lehibe raisin' ny Fivoriambe dia tsy maintsy eken' ny androa tokoan' ny mpivory izany vao manan-kery. Ireto no antsoina hoe : raharaha lehibe, ka andraisana fanapahan-kevitra lehibe : hafatrafatra momba ny fitandroana ny fandriampahalemana, ny filaminana iraisam-pirenena, ny fifidianana ny mpikambana tsy maharitra ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana, ny fifidianana izay ho mpikambana ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy ny fifidianana izay ho mpikambana ao amin' ny Filan-kevim-itantanana araka ny voalazan' ny paragrafy 1 ao amin' ny andininy faha-86, ny fandraisana ny mpikambana vaovao ho anisan' ny F.M., ny fampiatoana na mpikambana tsy hizaka ny zo sy tombon-

isoa intsony ny fandroahana mpikambana, ny raharaha momba ny teti-bola.

3) Ny be an' isa amin' ny mpivory koa no manapa-kevitra mikasika ny filaharan' ireo raharaha vaovao hafa hodinihina, ka tokony hilàna ny faneken' ny androatokon' ny mpivory.

## *Andininy faha-19*

Tsy mahazo mandray anjara amin' ny fivoriamben' ny F.M. ny mpikambana anankiray tsy nahaloa ny latsakemboka tokony ho naloany nandritra ny roa taona farany raha toa izany vola izany mitovy na mihoatra amin' ny totalin' ny latsakemboka anjarany.

# *Fombafombam-pivoriana*

## *Andininy faha-20*

Mivory ara-potoana isan-taona ny Fivoriambe ary raha ilaina dia manao fivoriana tsy ara-potoana koa izy. Ny Sekretera Jeneraly no miantso izany fivoriana ara-potoana izany araka ny fangatahana nataon' ny Filankevim-pilaminana ny ankamaroan' ny mpikambana ao amin' ny Firenena Mikambana.

## *Andininy faha-21*

Ny Fivoriambe no manao ny fitsipika anatiny ao aminy ary mifidy ny filohany isaky ny mpivory.

## *Andininy faha-22*

Afaka manangana sampana fanampiny ny Fivoriambe raha ilaina izany ao amin' ny fanatanterahany ny asany.

TOKO V

# *Ny firafiny*

## *Andininy faha-23*

1) Misy mpikambana 15 ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Ny Repoblikan' i Shina, Frantsa, Firaisana Sovietika, Grande-Bretagne sy Irlandy avaratra ary Etazonian' i Amerika no mpikambana maharitra ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Misy kosa mpikambana 10 izay fidian' ny Fivoriambe, ka mpikambana tsy maharitra izy ireo ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Ny foto-psian' ny Filan-kevim-pilaminana dia ny hizaka amin' ny fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana eran-tany.

2) Fidina hiasa mandritra ny 2 taona ny mpikambana tsy maharitra ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Raha misy mpikambana vao avy niasa dia tsy azo fidina avy hatrany indray akory.

3) Manana solontena iray avy ny mpikambana tsiraitray ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andraikitra sy fahefana*

### *Andininy faha-24*

1) Mba hampahomby tsara ny asan' ny F.M., dia napetraky ny mpikambana ao aminy ho dinihin' ny Filan-kevim-pilaminana ny hisahana ny andraikitra momba ny fitondroana ny fandriampahalemana eran-tany ary mahazo miteny amin' ny anaran' izy ireo ny Filan-kevim-pilaminana eo am-panatanterahana izany asa izany.

2) Amin' ny fanatanterahana ny adidiny dia miasa araka ny zava-kinendrin' ny Firenena Mikambana ny Filan-kevim-pilaminana. Ny fahefana manokana nomena ny Filan-kevim-pilaminana hanatanterahany izany dia ireo izay voasoritry ny Toko faha-6, 7, 8 ary faha-12.

3) Atolotry ny Filan-kevim-pilaminana hodinihin' ny Fivoriambe ny tatitra ataony isan-taona na ny tatitra manokana.

### *Andininy faha-25*

Tsy maintsy ekena sy hampiharin' ny Mpikambana ao amin' ny F.M. ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana araka ny voalazan' ity Dina ity.

## *Andininy faha-26*

Mba hampivelarana sy hampitoerana tsara ny asa enti-mitandro ny fandriampahalemana eran-tany ka tsy hanokanany afa-tsy loharanon-kery sy toe-karena kely araka izay azo atao ho an' ny fitaovam-piadiana, dia adidin' ny Filan-kevim-pilaminana, miaraka amin' ny Filan-kevitry ny Etamazaoro, araka izay voalazan' ny andininy faha-47 ny manao tetik' asa haroso holanian' ny mpikambana ao amin' ny F.M. mba hahazoana-mandrindra sy mandamina ny fampitaovam-piadiana.

## *Latsa-bato*

## *Andininy faha-27*

1) Vato iray no arotsaky ny mpikambana iray ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana.

2) Mpikambana 9 no ilaina hanaiky raha tahiny ka misy latsabato atao momba ny fombafomba hampizorana ny asa.

3) Ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana momba ny raharaha hafa dia ilana ny faneken' ny mpikambana 9, ka ao anatin' izany ny vaton' ireo mpikambana maharitra. Raha toa kosa ka voakasik' ilay fifanolanana iadian-kevitry ny iray amin' ny mpikambana dia tsy mandray anjara amin' ny latsa-bato akory izy ho fampiharana ny zava-boalazan' ny Toko faha-5 sy ny paragrafy faha-3 ao amin' ny andininy faha-52.

## Andininy faha-28

1) Ny Filan-kevim-pilaminana dia natao mihitsy ho afa-manatanteraka ny andraikitay maharitra. Noho izany tsy maintsy manana solontena mandrakariva eo amin' ny Foib n' ny Filan-kevim-pilaminana ny mpikambana tsirairay.

2) Mivory ara-potoana ny Filan-kevim-pilaminana, ka azon' ny mpikambana ny mandefa solontena raha tiany izany, ka ho anisan' ny governemanta izany na ho olon-kafa.

3) Azon' ny Filan-kevim-pilaminana ny manao fivoriana any ivelan' ny foiben-toerany raha heveriny hanamora ny asany izany.

## Andininy faha-29

Afaka mamorona sampana fanampiny ny Filan-kevim-pilaminana raha toa ka ilainy eo amin' ny fanatontosany ny asany izany.

## Andininy faha-30

Manangana ny fitsipika anatiny hifehy azy ny Filan-kevim-pilaminana, ka ao anatin' izany no hanoritany izany fombafomba entimifidy ny filohany.

## *Andininy faha-31*

Ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M. dia samy mahazo manatrika sy mandray anjara amin' ny adi-hevitry ny Filan-kevim-pilaminana daholo saingy tsy mahazo mandatsa-bato kosa, ka raha heverin' ny Filan-kevim-pilaminana fa voatohina ny tombontsoan' izany mpikambana izany.

## *Andininy faha-32*

Raha misy Fanjakana anisan' ny F.M. kanefa tsy anisan' ny Filan-kevim-pilaminana na Fanjakana tsy anisan' ny F.M. kanefa voakasika amin' ny fifanolanana dinihin' ny Filan-kevim-pilaminana, dia asaina manatrika ny fivoriana izy saingy tsy mahazo mandatsa-bato kosa. Ny Filan-kevim-pilaminana no mametra izay tokony hatao mba handraisan' ny Fanjakana tsy anisan' ny F.M. anjara amin' izany.

1) Izay rehetra manan-javatra ifanolanana dia tsy maintsy miezaka mandamina izany amin' ny alàlan' ny fandaminana, ny fifanakalozan-kevitra, ny famotorana, ny fifanarahana, na mitondra ny raharaha amin' ny organisma iraisam-pirenena afaka handamina azy na amin' ny alàlan' ny fomba milamina hafa izay heverin' izy ireo fa mety mba hahazoana mitandro ny fandriampahalemana sy

ny filaminana iraisam-pirenena mety ho tandindomin-doza vokatr' ilay fifanolanana.

2) Raha heveriny fa mety dia angatahin' ny Filan-kevim-pilaminana handrindra ny fifanolanana amin' izany fomba izany ireo firenena manan-javatra ifanolanana.

## TOKO VI

### *Andininy faha-33*

1) Izay rehetra manan-javatra ifanolanana dia tsy maintsy miezaka mandamina izany amin' ny alàlan' ny fandaminana, ny fifanakalozan-kevitra, ny famotorana, ny fifanarahana, na mitondra ny raharaha amin' ny organisma iraisam-pirenena afaka handamina azy na amin' ny alàlan' ny fomba milamina hafa izay heverin' izy ireo fa mety mba hahazoana mitandro ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena mety ho tandindomin-doza vokatr' ilay fifanolanana.

2) Raha heveriny fa mety dia angatahin' ny Filan-kevim-pilaminana handrindra ny fifanolanany amin' izany ireo firenena manan-javatra ifanolanana.

### *Andininy faha-34*

Afaka manao famotorana na fanadihadiana mikasika ny fifandonana sy fifanolanana rehetra ny Filan-kevim-pilaminana mba haha-

zoany mahafantatra raha toa ka mety hiteradoza ho an' ny fandriampahalemana ireo mpirenena ny fifanolanana toy izany raha mitohy.

## *Andininy faha-35*

1) Azon' ny mpikambana rehetra atao ny misintona ny fisainan' ny Filan-kevim-pilaminana na ny Fivoriambe mba handinika ny fifanolanana na toe-javatra araka io voalazan' ny andininy faha-34 io.

2) Azon' ny mpikambana rehetra atao ny miantso ny Filan-kevim-pilaminana na ny Fivoriambe handamina ny fifanolanana manahirana azy raha toa ka manaiky mialoha izy fa hanaraka ny fandaminana hataon' izy ireo araka izay voalazan' ity Dina ity.

3) Ny asan' ny Fivoriambe momba ireo raharaha hasaina dinihany dia fehezin' ny zava-boalazan' ny andininy faha-11 sy faha-12 amin' ity Dina ity.

## *Andininy faha-36*

1) Azon' ny Filan-kevim-pilaminana ny mampanatanteraka ny fepetra raisiny rehetra handamina ny fifanolanana araka izay voalazan' ny andininy faha-33.

2) Tsy maintsy tandrovin' ny Filan-kevim-pilaminana ny fepetra efa noraisin' ny mpifanolana hoenti-mandamina ny fifanolanan' izy ireo.

3) Rehefa manao hafatrafatra araka izay voalazan' ity andininy ity ny Filan-kevim-pilaminana dia tsy maintsy mandefa ny fifanolanana any amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena raha toa ka manana endrika arapitsarana izany fifanolanana izany.

## *Andininy faha-37*

1) Raha toa ny firenena mifanolana tsy nahomby tamin' ny ezaka nataony ho entimandamina ny fifanolanany araka izay voalazan' ny andininy faha-33, dia atolony hodinihan' ny Filan-kevim-pilaminana izany.

2) Raha heverin' ny Filan-kevim-pilaminana fa mety hampidi-doza amin' ny fandr ampahalemana iraisam-pirenena ny fitohizan' ny fifandonana dia azony atao ny mampiato tsotra izany ho fampiharana ny andininy faha-36.

## *Andininy faha-38*

Raha toa tsy mifanohitra amin' ny zavaboalazan' ny andininy faha-33 ka hatramin' ny faha-37, dia azon' ny Filan-kevim-pilaminana atao ny miantso ny mpifanolana handamina haingana ny fifandonana ny amin' ny alàlan' ny fifanakalozan-kevitra.

## *Andininy faha-39*

Rehefa mahatsapa ny Filan-kevim-pilaminana fa tandindomin-doza ny fandriampahalemana misy asa fampihorohoroana, dia mandefa hafatrafatra momba izany izy na mandray fepetra hotanterahina araka ny zava-boalazan' ny andininy faha-41 sy faha-42; mamerina ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena amin' ny laoniny indray.

## *Andininy faha-40*

Mba hisakanana ny fiharatsian' ny toejavatra, alohan' ny hanaovana hafatra na handraisana fepetra araka ny voalazan' ny andininy faha-39, dia azon' ny Filan-kevim-pilaminana atao ny miantso ny firenena mifanolana mba hampihatra ny fepetra vonjimaika noraisiny hitandroana ny filaminana.

Ireo fepetra vonjimaika ireo dia tsy mitsara ambony ihany ny hevitra sy zon' ny firenena mifanolana akory. Raha tsy tanterahina kosa ireo fepetra ireo dia raisin' ny Filan-kevim-pilaminana ho anton-javatra mihitsy izany tsi-fahalavorarian' ny fepetra izany.

## *Andininy faha-41*

Afaka manapa-kevitra momba izay fomba tokony hampiharina ka tsy mitondra amin' ny fampiasan-kery ny Filan-kevim-pitondrana ho fanatanterahana ny fepetra efa noraisiny ary dia afaka manainga ny mpikambana izany rɑ̃ba hampihatra izany fepetra izany. Mety hihafara amin' ny fanapahana ny fifandraisana ara-ekonomika, ara-pifamoivoizana andalamby, an-habakabaka, an-telegrafy sy fifandraisana hafa izany ary mety ho tonga amin' ny fanapahana ny fifandraisana aradiplaomasia aza.

## *Andininy faha-42*

Raha toa heverin' ny Filan-kevim-pilaminana fa tsy mahomby loatra ny fepetra voalazan' ny andininy faha-41, dia azony atao ny mandray fepetra hafa toy ny fampiasankery an-habakabaka, an-dranomasina, antanety izay heveriny fa hahazoa-mamerina ny filaminana sy ny fandriampahalemana iraisampirenena. Mety miseho amin' ny fanaovana ankivy na fomba famaizana hafa izany fepetra izany, ka ny mpikambana n hanatanterala azy.

## *Andininy faha-43*

1) Ny mpikambana rehetra ao amin' ny dia manaiky fa hanome ny fanampian' ny

Filan-kevim-pilaminana ho fitandroana ny tafiny, hanamora ny asa rehetra ataon' ny fandriampahalemana.

3) Tsy maintsy atao haingana araka izay atao ny fifanarahana, ka ny Filan-kevim-pilaminana no hampanao izany. Ny Filan-kevim-pilaminana sy ny fanjakana mpikambana no hanao sonia izany na koa ny Filan-kevim-pilaminana sy ny tarika maromaro iraisan' ny mpikambana. Ny fifanarahana dia tsy maintsy tanterahin' ny Fanjakana nanao sonia azy araka izay firafitry ny Lalàm-panorenany avy.

## *Andininy faha-44*

Raha toa nanapa-kevitra hampiasa hery ny Filan-kevim-pilaminana dia tsy maintsy mampandre ny mambra iray tsy anisan' ny organisma izy mba handray anjara am'n' ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana momba ny fampiasana ny vondron-tafik' ilay firenena mpikambana.

## *Andininy faha-45*

Mba hahazoa-mamela ny Firenena Mikambana handray fepetra maika momba ny fampiasana hery miaramila, dia tsy maintsy tazonin' ny Fanjakana mpikambana ho azo raisina avy hatrany ny vondron-tafika misy ao aminy hahazoa-miara-miaro ny fandriampa-

halemana. Araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-43, dia ny Filan-kevim-pilaminana ampian' ny Filan-kevitry ny etamazaoro no mametra ny fombafomba atao enti-manomana izany tafika ilainy izany.

## *Andininy faha-46*

Ny Filan-kevim-pilaminana ampian' ny filan-kevitry ny etamazaoro no manangana ny planina momba ny fampiasana ny tafika natolotra azy.

## *Andininy faha-47*

1f Ny filan-kevitry ny etamazaoro no manoro hevitra sy manampy ny Filan-kevim-pilaminana momba izay rehetra mikasika ny raharaha miaramila ilain' ny F.M. hoentimiaro sy mitandro ny fandriampahalemana sy ny filaminana eran-tany. Manampy ny filan-kevim-pilaminana ihany koa azy eo amin' ny fandaminana ny fitaovam-piadiana sy ny fampihenam-piadiana koa aza raha toa ka ilaina izany.

2) Ireto avy no anisan' ny Filan-kevitry ny etamazaoro : ireo lehiben' ny etamazaoron' ny tany mpikambana na ny solontenany. Antsoin' io filan-kevitry ny etamazaoro io ny mpikambana ao amin' ny F.M. izay tsy anisan' ny Filan-kevim-pilaminana mba hiara-

miasa aminy raha toa ka heveriny fa alaina izany mba hahatontosa tsara ny andraikiny.

3) Miandraikitra ny fandraharahana ny tetik' ady samihafa hataon' ny tafika iadidiany ny filan-kevitry ny etamazaoro ka ny Filan-kevim-pilaminana no manome fahefana azy amin' izany. Ny kojakoja samihafa momba ny fibaikoana ny andian-tafika kosa dia hoferana any aoriana.

4) Azon' ny filan-kevitry ny etamazaoro atao ny manorina sobakomity rezionaly rehefa nankatoavin' ny Filan-kevim-pilaminana izany ary rehefa nalaina ny hevitr' ireo organisma rezionaly samihafa.

## *Andininy faha-48*

1) Ny fepetra ilaina amin' ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana ho fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena dia iarahan' ny mpikambana rehetra manapaka na ny sasany aminy, ka nankatoavin' ny Filan-kevitra.

2) Izany fanapahan-kevitra izany dia tanterahin' ny mambran' ny F.M. avy hatrany ary tanterahina koa any amin' ny organisma iraisam-pirenena mitovy amin' izany ka ikambanan' ny mambra.

## *Andininy faha-49*

Mifarimbona sy mifanampy ny mpikambana rehetra ao amin' ny M.F. hanatanteraka ny zava-notinapaky ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andininy faha-50*

Raha misy Fanjakana niharan' ny fepetra fampitandremana na famaizana noraisin' ny Filan-kevim-pilaminana, kanefa mitera-pahavoazana ho an' ny Fanjakana hafa ny vokatr' izany fepetra izany, dia azon' io Fanjakana io atao — na mpikambana ao amin' ny F.M. izy na tsia ny mangataka ny Filan-kevim-pilaminana mba handinika izay tokony atao satria manjary mandalo fahasahiranana ara-toe-karena izy noho ilay na ireo fepetra noraisina.

## *Andininy faha-51*

Tsy misy fepetra misakana ny fiarovantena ara-dalàna ato amin' ity Dina ity raha toa ka misy mpikambana tra-boina noho ny setrasetra sy ny famelezana tsy an-drariny ataon' ny hafa mandra-pandrain' ny Filan-kevim-pilaminana fepetra hafa hoentiny mitandro ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena. Tsy maintsy hampahafantarina haingana ny Filan-kevitra kosa anefa izay fepetra noraisin' ny tany mpikam-

bana ka entiny niaro tena ara-dalàna. Izany fepetra izany koa dia tsy misakana ny fepetra hafa mety horaisin' ny Filan-kevitra araka ny voasoritry ny Dina fa fahefany na amin' ny fotoana inona na fotoana inona.

## *Andininy faha-52*

1) Tsy misy fitsipika mifanohitra amin' ny fisian' ny fifanarahana na organisma rezionaly natao hiarovana ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena ao, ka tokony ho tanterahina isam-paritra ary tsy mifanohitra amin' ny tigetra sy zava-kinendrin' ny Firenena Mikambana.

2) Ny mpikambana ao amin' ny F.M. izay manao sonia izao fifanekena izao dia tsy maintsy miezaka mandamina ny fifanolanana mety misy ao aminy avy aloha izay vao pilaminana.

3) Mamporisika ny mpikambana ny Filan-kevim-pilaminana mba samy hiezaka handamina ny olana amin' ny alàlan ny fifanakalozan-kevitra sy ny dinidinika.

4) Tsy mifanohitra mihitsy amin' izay voalazan' ny andininy faha-34 sy 35 akory ny soritan' ity andininy ity.

## *Andininy faha-53*

1) Azon' ny Filan-kevim-pilaminana atao ny mampiasa ireo fifanarahana na organisma

rezionaly hoentiny mampihatra ny fepetra famaizana samihafa. Tsy azo atao kosa anefa ny mampihatra fepetra famaizana raha tahiny ka tsy nahazoana alàlana avy amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Tsy mba ao anatin' izany kosa anefa ny fepetra raisina hoenti-manohitra ny Fanjakana fahavalo anankiray araka izay famaritana ataon' ny paragrafy faha-2 amin' ity andininy ity.

2) Ny teny hoe : «Fanjakana fahavalo», ampiasain' ny andininy voalohany amin' ity andininy ity dia hampiharina amin' izay Fanjakana rehetra ka fahavalon' ny anankiray tamin' ireo mpanao sonia ity Dina ity tamin' ny ady lehibe faharoa.

## *Andininy faha-54*

Tsy maintsy hampahafantarina mandrakariva momba izay fepetra rezionaly noraisina ka nentina nitandro sy niaro ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andininy faha-55*

Mba hahazoa-manorina fifandraisana tsara eo amin' ny firenen-tsamihafa ho fanajana ny foto-kevitra miorina amin' ny fitovian-jon' ny vahoaka rehetra sy ny zony hizaka ny raharahany, dia amporisihan' ny Firenena Mikambana ny :

a) fampiakarana ny fari-piainana, ny fanomezana asa, ny fanatsarana ny rafitra sosialy sy ekonomika.

b) ny famahana ny olana iraisam-pirenena eo amin' ny lafiny ekonomika, sosialy, fahasalamam-bahoaka ary ny olana hafa. Mamporisika ny fiaraha-miasa iraisampirenena eo amin' ny lafiny koltoraly sy fanabeazana koa.

d) ny fanajana tanteraka ny zon' olombelona sy ny fahafahana fototra ho an' ny rehetra, tsy misy avakavaka, na lahy na vary na inona na inona finoana.

## *Andininy faha-56*

Manaiky ny mpikambana fa hiara-miasa amin' ny F.M. ho fanatrarana ny zavakinendry voatanisan' ny andininy faha-55.

## *Andininy faha-57*

1) Ny samoana samihafa manokana noforonina noho ny fifanarahana nifanaovan' ny governemanta, ka voalaza ao amin' ny sata mifehy izany ka mikasika ny lafiny ekonomika, sosialy, koltoraly, fanabeazana, fahasalamam-bahoaka na lafin-javatra hafa dia mifandray amin' ny F.M. araka ny fepetran' ny andininy faha-63.

2) Ka ireo sampana mifandray amin' ny F.M. ireo no antsoina amin' ny teny hoe : «sampan' asa manokana».

## Andininy faha-58

Mandefa hafatrafatra ny F.M. mba handrindra ny fandaharana sy ny soritr' asan' ny sampana manokana.

## Andininy faha-59

Afaka manao fifanarahana amin' ny Fanjakana hafa ny F.M. raha ilainy izany mba hahazoany manorina sampana manokana ho hatratrana ny zava-boalazan' ny andininy faha-55.

## Andininy faha-60

Ny fivoriambe eo ambany fahefan' ny Filan-kevim-pilaminana ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy, izay mampihatra ireo fahefana nomena azy avy, no miadidy ny fanatanterahana ny asan' ny F.M. araka izay voalazan' ity Toko ity.

## Andininy faha-61

### Firafiny

1) Misy mpikambana efatra ambin' ny dimampolo ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy izay nofinidin' ny Fivoriambe.

2) Ankoatr' izay zava-boalazan' ny paragrafy faha-3, dia misy mpikambana 18 ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy fidina isan-taona hiasa mandritra ny 3 taona. Ny mpikambana teo aloha dia azo fidina avy

3) Amin' ny fifidianana voalohany izay atao rehefa avy manendrotra ny isan' ny mpikambana ho 54 izay 27, dia misy mpikambana 27 izay hofidina ho fanampin' izay efa nofidina hisolo ireo mpikambana 9 izay tapitra ny fe-potoana niasany. Ny fe-potoana niasan' ny 9 amin' ireo 27 fanampiny dia mifarana herintaona ary ny an' ireo 9 hafa koa dia roa taona, araka ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe.

4) Manana solontena tsirairay ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy ny mpikambana tsirairay.

## *Andraikitra sy fahefana*

### *Andininy faha-62*

1) Afaka mampanao fandinihana sy tatitra momba ny raharaha iraisam-pirenena eo amin' ny lafiny ekonomika, sosialy, koltoraly ary fanabeazana ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy ary azony atao koa ny mandefa hafatra ho an' ny Fivoriambe mikasika raharaha rehetra izany, torak' izany koa ho an ireo sampan' asa manokan' ny F.M.

2) Afaka mandefa hafatrafatra ihany koa izy mba ho fiantohana ny fanajana ny zon olombelona sy ny fahafahana fototra rehetra ho an' ny daholobe.

3) Azony atao koa ny manomana volavola — na fifanarahana haroso hodinihin' ny Fivoriambe momba ny zavatra anisan' ny fahefany maladidy azy.

4) Afaka miantso kaonferansy iraisam-pirenena koa izy mba handinika ireo zavatra voafetran' ny fepetra fa ananany fahefana, mifanaraka amin' ny zava-boalazan' ny F.M.

## *Andininy faha-63*

1) Azon' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy koa ny manao fifanarahana amin' ny sampan' asa hafa voatondron' ny andininy faha-57, fifanarahana mametra ny fomba-fomba samihafa hifandraisan' izany sampan asa izany amin' ny F.M. Mbola hatolotra hodinihin' ny Fivoriambe sy tapahany anefa ny fankatoavana izany.

2) Azony atao koa ny mandrindra ny asan ireo sampana manokana amin' ny fangatahana azy ireo hivory ao aminy avy, amin' ny fiaraha-midinika aminy, amin' ny fanomezana hafatra ho an' ny Fivoriambe sy ho an' ny mpikambana ao amin' ny F.M.

## *Andininy faha-64*

1) Afaka mandray ny fepetra rehetra ilainy ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy mba hahazoany tatitra mikasika ny asan' ny sampan'asa manokana.

2) Azony atao ny mandefa amin' ny Fivoriambe ny heviny mikasika ireny tatitra ireny.

## *Andininy faha-65*

Afaka mandefa filazam-baovao ho an' ny Filan-kevim-pilaminana koa izy ary manampy azy raha mangataka izany aminy izy.

## *Andininy faha-66*

1) Ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy dia tsy manantanteraka an-tsakany sy andavany ireo andraikitra rehetra voalazan' ny fepetra fa anjarany, fanatanterahana koa ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe.

2) Raha eken' ny Fivoriambe dia azon' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy atao ny manampy ny mpikambana ao amin' ny F.M na ny sampan' asa manokana.

3) Manatanteraka andraikitra hafa koa izy araka izay atolotry ny andininy hafa amin' ity dina ity azy na asain' ny fivoriambe ataony.

## *Latsa-bato*

## *Andininy faha-67*

1) Vato iray no arotsaky ny mpikambana tsirairay ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy.

2) Ny ankamaroan' ny mpikambana tonga ary mandatsa-bato no tsy maintsy manaiky vao tapaka ny hevitra ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy.

## *Fombafomba*

### *Andininy faha-68*

Manangana vaomiera momba ny raharaha ekonomika sy sosialy ary ny fampandrosoana ny zon' olombelona ny Filan-kevitra na koa vaomiera hafa ilainy amin' ny fanatanerahana ny asany.

### *Andininy faha-69*

Raha (mandinika raharaha) mikasika ny mambra iray amin' ny F.M ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy dia miantso azy handray anjara amin' ny fivoriany saingy tsy mahazo mandatsa-bato kosa.

### *Andininy faha-70*

Afaka mandray ny fepetra rehetra ilaina ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy mba hahazoan' ireo sampan' asa manokana samihafa mandray anjara amin' ny fivoriana ataony kanefa tsy manan-jo handatsa-bato kosa na koa amin' ny fivorian- ny vaomiera hafa naoriny ka manatrika sy mandray anjara amin' ny latsa-bato atao ao ny solontenany.

## *Andininy faha-71*

Azon' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy atao ihany koa ny mandray fepetra samihafa noentiny mifandray amin' ny fikambanana tsy governemantaly ka mandinika raharaha izay ananan' ny Filan-kevitra fahefana. Izany fepetra izany koa azony raisina sy hampiharina koa amin' ny organisma iraisampirenena na koa raha ilaina amin' ny organisma nationaly rehefa avy nakàn-kevitra ny mambra voakasik' izany ao amin' ny F.M.

## *Andininy faha-72*

1) Ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy dia mandany fitsipika anatiny, ka ao anatin' izany no hamerany ny fombafomba hanendrena ny filohany.

2) Mivory araka izay ilany azy araka izay voatondron' ny fitsipika anatiny izy, voarakitra ao anatin' io fitsipika anatiny io koa ny fepetra iantsoana ny fivorian' ny Filan-kevitra araka ny fangatahana nataon' ny ankamaroan' ny mpikambana ao aminy.

## *Andininy faha-73*

Ny mpikambana ao amin' ny F.M. izay manana andraikitra amin' ny fiahiana ireo tany izay tsy mbola mizaka tena ny mponina ao aminy dia tsy maintsy manaiky ny foto-

kevitra momba ny fitandroana ny tombontsoa ambonin' ny vahoaka any amin' ireny tany ireny. Manaiky koa izy fa toy ny asa masina tsy maintsy ataony mba hampandrosoana azy araka izay faran' ny azo atao, ao anivon' ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena voasoritry ny Dinan' ny F.M. Ka amin' izany dia :

a) hiantoka ny fandrosoana politika, ekonomika sy sosialin' ireny tany ireny, hampivoatra ny fanabeazana any aminy ary hitondra azy ireny amin' ny rariny sy ny hitsiny, hiaro azy amin' ny fanararaotana samihafa ka hanaja koa ny koltoran' ny mponiny ao aminy.

b) hampitombo ny fahaizany mba hahazoany mitondra ny tenany hanaja ihany koa ny faniriana ara-drariny eo amin' ny vahoaka sy hanampy azy eo amin' ny fampandrosoana azy miandalana araka ny andrim-panjakana misy any aminy avy mifanaraka amin' ny zava-misy any an-toerana.

d) hanamafy orina hatrany ny fandriampahalemana sy ny filaminana erantany.

e) hampandroso ny asa enti-manorinjavatra sy ny fikaroana samihafa, hiaramiasa amin' ny organisma iraisam-pire-

nena hafa raha toa ka ilaina izany mba hahatrarana ny tanjona napetrako-tratrarina.

f) hilaza hatrany amin' ny Sekretera jeneraly ny zavatra tokony ho fantany rehetra momba ny statistika sy ny teknika momba ny toe-javatra ekonomika, sosialy ary ara-panabeazana any amin' ireo tany nampiandraiketina azy ny fitantanana, ka ampiharana ny Toko faha-XIII amin' ny Dinan' ny F.M.

## *Andininy faha-74*

Ny mpikambana ao amin' ny F.M .dia manaiky hampihatra ny politikampiaraha-monina tsy misy raorao na ao aminy taniny na any amin' ireo tany nasain' ny F.M. tantaniny avy na eo amin' ny lafiny sosialy na ekonomika na ara-barotra, ka hotsinjovina amin' izany ny tombon-tsoa sy ny fampivoarana ireny tany madinika ireny.

## *Andininy faha-75*

Hanangana fombafomba iraisam-pirenena ny F.M. ka harahiny maso ny fampiharana izany any amin' ireo tany izay tantanin' ny mpikambana ao aminy araka ny fepetra voalaza sy ny fifanarahana manokana ifanaovana Ireny tany ireny dia antsoina hoe : «tany eo ambany fitantanana».

## *Andininy faha-76*

Araka ny zava-kinendrin' ny F.M voalaza ao amin' ny andininy voalohany amin' ity Dina ity, dia toy izao no zavatra tsy maintsy ataon' ny mpitantana :

a) manamafy orina hatrany ny fandriampahalemana sy ny filaminana eran-tany.

b) mampandroso ara-politika, ekonomika ary sosialy ny mponina any amin' ireo tany tantanina, mampivelatra azy koa ara-pahaizana, mampandroso miandalana azy eo amin' ny lafiny rehetra, ka manao izay hahatonga azy miandalana ho afaka hitondra ny taniny araka izay zava-misy any aminy avy sy araka ny faniriany rahateo.

d) mamporisika ny fanajana ny zon' olombelona sy ny fanafahana fototra eo amin' ny rehetra ka tsy asiana fanavakavahana ara-bolon-koditra na fihavarana na fivavahana na maha-lehilahy na vehivavy izany ary koa mampandroso ny fifampiankinana eo amin' ny vahoakan' ny firenen-tsamihafa.

e) miantoka ny hisian' ny fitoviampitondrana eo amin' ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M. sy ny mponina any aminy avy, miantoka ihany koa ny hitovian' ny fitondrana azy ireo eo amin'

ny lafiny ara-pitsarana, ka tsy manohintohina ny zava-boalaza etsy aloha sy izay tanisain' ny andininy faha-80.

## *Andininy faha-77*

1)Ireto tanisaina manaraka ireto ny tany tafiditra ao anatin' ny fitantanan' ny F.M :

a)izay efa tantanina ankehitriny

b) ireo tany esorina eo ambany fiadidian' ny fahavalo taorian' ny ady lehibe faharoa.

e) ireo tany izay natolotry ny Fanjakana niahy azy an-tsitra-po ho tantanin' ny F.M.

2) Fifanarahana manokana any aoriana ny hamaritana ny fombafomba hametrahana ny tany iray ho eo ambany fitantanana.

## *Andininy faha-78*

Tsy mba azo hampiharina amin' ny tany efa mpikambana ao amin' ny F.M. ny satan' ny tany tantanina satria fanjakana mahaleotena tanteraka daholo no ao anatin' ny F.M, ka mitovy zo tanteraka.

## *Andininy faha-79*

Ny fepetra momba ny fombam-pitantanana na dia izay efa nanaovana fanitsiana samy hafa aza dia tsy maintsy mbola nanaovana fifanekena manokana eo amin' ny Fanjakana

voakaK' izany, ka ao anatin' izany Firenendehibe izay nahazo làlana tamin' ny F.M. hitakiana ilay tany, raha toa ka tany nasain' ny F.M. entiny no ambara ary hankatoavina araka ny voalazan' ny andininy faha-83 sy faha-85.

## *Andininy faha-80*

1) Afa-tsy izay mety hifanarahana ao amin' ny fifanekena manokana momba ny fitantanana araka ny voalazan' ny andininy faha-77 sy 81 sy izay fepetra hafa momba ny fitantanana ireo tany napetraky ny F.M. ho eo ambany fiadidiany dia tsy misy mihitsy fepetra milaza ato anatin' ity dina ity azo hadika ho afamanova ny zo samihafa zakain' ny Fanjakana tsirairay na mivantana na miolaka.

2) Ny paragrafy voalohany amin' ity andininy ity dia tsy azo hadika ho fahazoana manemotra ny fifampiraharahana ho amin' ny fanaovana fifanekena hametrahana ho eo ambany fitantanana ny iray na maro araka izay voalazan' ny andininy faha-77.

## *Andininy faha-81*

Ny antsoina hoe : fifanarahana momba ny fitantanana tany napetraka hiadidiana dia tsy inona fa ny fitambaran' ny fepetra voalazan' ny lalàna enti-mitondra ireny tany ireny. Ka ny tompon' ny fahefana mitantana dia Fanjakana iray na maro voatendrin' ny F.M.

## *Andininy faha-82*

Ny fifanekem-pitantanana dia n'ety hanendry faritra stratezika iray na maro ao anatin' ilay tany tantanina ka hampiharina ao ny fifanekena manokana nifanaovana ho fampiharana ny andininy faha-43.

## *Andininy faha-83*

1) Momba ireo faritra stratezika ireo dia ny Filan-kevim-pilaminana no mampihatra ny fahefana rehetra izay natolotra ny F.M.

2) Ireo zava-boalaza ao amin' ny andininy faha-76 dia zakain' ny mponina amin' ireo faritra stratezika isanisany.

3) Afaka manampy ny Filan-kevim-pilaminana ny Filan-kevim-pitantanana raha toa ilaina izany ho fampiharana ny fepetra samihafa lazain' ny fifanekena sy ho fitandroana ny filaminana iraisam-pirenena.

## *Andininy faha-84*

Manana adidy mihitsy ny Fanjakana mitantana hanao izay azo hatao mba hahatonga ilay tany tantaniny hiasa ho an' ny fitandroana ny fandriampahalemana iraisam-pirenena. Ka mba hahavitany izany, dia azo ampiasaina ny miaramila mpilatsaka an-tsitrapon' ny F.M, ny fanamorana samihafa voasoritra ho an' ireny tany mpitantana ireny.

## *Andininy faha-85*

1) Raha ny mona ireo fifanokenam-pitantanana mikasika ireo faritra tsy azo antsoina ho «faritra stratezia», dia ny Fivoriambe no anatin' izany fahefana izany koa ny fankatoavana ireo fifanarahana samihafa momba mampihatra ny fahefan' ny F.M., ka ao ny fitantanana sy ny fanovana samihafa natao.

2) Ny Filan-kevim-pitantanana dia manampy ny Fivoriambe eo amin' ny fanatanterahana ny andraikitra aman' adidiny.

## *Ny mpikambana ao aminy.*

## *Andininy faha-86*

1) Ireto no anisan' ny mpikambana ao amin' ny Filan-kevim-pitantanana :

a) ny mpikambana ao amin' ny F.M. voatendry hiadidy ireo tany tantanina.

b) Ireo mambra voalazan' ny andininy faha-23 ny anarany na dia tsy miadidy tany napetraka eo ambany fitantanan' ny F.M aza.

d) ireo mambra hafa koa izay fidina mandritra ny 3 taona ka ilain' ny Fivoriambe mba hahatonga ny isan' ny mpikambana rehetra ao amin' ny Filan-kevim-pitantanana hitovy eo amin' ny mpikambana amin' ny F.M izay miahy tany nasaina tantaniny sy izay tsy miahy azy ireny.

2) Ny mpikambana tsirairay ao amin' ny Filan-kevim-pitantanana dia manendry olona anankiray manam-pahefana hisolo tena azy ao amin' io Filan-kevitra io.

## *Andraikitra sy fahefana*

### *Andininy faha-87*

Ny Filan-kevim-pitantanana izay nahazo fahefana avy amin' ny Fvoriambe dia mahazo :

a) mandinika ny tatitra nataon' ireo tany mpitantana.

b) mandray fangatahana samihafa sy mandinika izany araka ny izay voalazan' ny fepetra mifehy azy.

d) mampanao fitsidihana ara-potoana any amin' ireny tany tantanina ireny araka izay daty heveriny fa mety ho fampiharana ny fahefany.

### *Andininy faha-88*

Afaka manely fanontaniana samihafa ho valiana ny Filan-kevim-pitantanana ka ao anatin' izany no ilazalazana ny momba ny fandrosoana ara-ekonomika, sosialy ary koltoraly eo amin' ny mponina any amin' ireo tany tantanina.

## *Latsa-bato.*

### *Andininy faha-89*

1) Vato iray ihany no alatsaky ny mpikambana tsirairay

2) Ny fanapahan-kevitry ny Filan-kevim-pitantanana dia tapahin' maro an' isa amin' ny mpikambana tonga nivory sy nandatsa-bato.

## *Fombafomba arahina*

### *Andininy faha-90*

1) Mandany ny fitsipika anatiny mifehy azy ny Filan-kevim-pitantanana ka ao anatin' izany no hamerany ny fomba hanendreny sy hifidianany ny Filohany.

2) Mivory araka izay ilàny azy sy voalazan' ny fitsipika anatiny mifehy azy ny Filan-kevim-pitantanana, ny fitsipika anatiny moa dia efa nilaza mialoha ny momba ny fombafomba iantsoana ny Filan-kevitra hivory araka ny fangatahana nataon' ny akamaroan' ny mpikambana.

### *Andininy faha-91*

Mila ny fanampian' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy koa ny Filan-kevim-pitantanana, torak' izany koa ny fanampian' ny organisma hafa rehefa nandinika raharaha miankina amin' ny fahefan' ireny organisma ireny izy.

## *Andininy faha-92*

Ny Fitsarana iraisam-pirenena no sampana ara-pitsarana lehibe indrindra ao amin' ny Firenena mikambana. Miasa araka ny sata mifehy ny Fitsarana maharitry ny tribonaly iraisam-pirenena, ka voalaza ato amin' ity Dina ity izy.

## *Andininy faha-93*

1) Ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M. dia anisan' ny voafehin' ny sata mifehy ny Fitsarana iraisam-pirenena daholo.

2) Ny Fivoriambe no mandinika ny fangatahan' ny fanjakana tsy mbola anisan' ity Fitsarana iraisam-pirenena ity kanefa maniry ho anisany, rehefa nahazo ny toro-mariky ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andininy faha-94*

1) Ny mpikambana tsirairay ao amin' ny F.M. dia manaiky fa hankatoa ny didin' ny Fitsarana iraisam-pirenena momba izay fifanolanana mety hikasika azy.

2) Raha misy an-daniny tsy afa-po tamin' ny didy navoakan' ny Fitsarana iraisam-pirenena momba ny fifanolanany tamin' ankilany, dia azo atao ny mampahafantatra izany ny Filan-kevim-pilaminana. Ka raha heveriny fa mety, dia azon' ny Filan-kevim-pilaminana atao ny mandray fepetra hampanatanterahiny ny didim-pitsarana.

## *Andininy faha-95*

Tsy misy fepetra milaza mihitsy ato amin' ity Dina ity mikasika ny mpikambana amin' ny F.M. tsy hitondrany fifanolanany amin' ny tribonaly hafa araka ny fifanekena efa misy na koa mety mbola hajoro.

## *Andininy faha-96*

1) Azon' ny Fivoriambe na ny Filan-kevim-pilaminana atao ny mangataka amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena toro-hevitra mikasika ny raharaha samihafa ara-pitsarana.

2) Ny sampana rehetra ao amin' ny F.M sy ny andrim-panorenana manokana ao aminy, dia manan-jo koa hangataka amin' io Fitsarana io toro-hevitra mikasika ny raharaha samihafa ara-pitsarana izay mety miseho eo amin' ny fanatanterahany ny asany.

## *Andininy faha-97*

Ny Sekretaria dia misy ny sekretera jeneraly sy ny mpiasa izay mety ilain' ny F.M. Ny Fivoriambe no manendry ny Sekretera Jeneraly rehefa avy nahita ny hevitry ny Filan-kevim-pilaminana. Izy no fonksionera ambony indrindra ao amin' ny F.M.

## *Andininy faha-98*

Mampiasa ny fahefana nomena azy ny Sekretera jeneraly ao amin' ny Fivoriambe,

ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana, ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy ary ao amin' ny Filan-kevim-pitantanana. Manana andraikitra hafa koa izy izay hampanaovin' ireo sampana ireo azy. Manao tatitra isantaona ao amin' ny Fivoriambe izy momba ny asan' ny F.M.

## *Andininy faha-99*

Azon' ny Sekretera Jeneraly atao ny misintona ny fisainan' ny Filan-kevim-pilaminana momba ireo raharaha samihafa heveriny fa mety hampidi-doza ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena.

## *Andininy faha-100*

1) Amin' ny fanatanterahany ny asany, raha tsy mila ny baikon' ny governemanta iray na fahefana hafa ankaotry ny F.M. ny Sekretera Jeneraly sy ny mpiara-miasa aminy. Tsy maintsy fadian' izy ireo ny manan-javatra tsy afa-miaraka amin' ny maha-fonksionera iraisam-pirenena azy ary tsy manana andraikitra hafa afa-tsy eo anatrehan' ny F.M. ihany izy ireo.

2) Ny mpikambana tsirairay ao amin' ny F.M. dia manaiky fa hanaja tanteraka ny andraikitra manana endrika internasionaly tanterahin' ny Sekretera jeneraly sy ny mpiara-miasa aminy ary tsy hanao fanerity rena samihafa aminy eo amin' ny fanatanterahany ny andraikitray.

## *Andininy faha-101*

1) Ny Sekretera jeneraly no manendry ny mpiasa-miasa aminy araka ny fitsipika nolanian' ny Fivoriambe.

2) Hisy mpiasa manokana izay tendrena maharitra hiasa ao amin' ny Filan-kevitra ekonomika sy sosialy, ao amin' ny Filan-kevitra momba ny fitantanana na ao amin' ny sampana hafa koa raha ilaina izany. Anisan' ny Sekretaria izany mpiasa izany.

3) Ny fepetra lehibe indrindra enti-mandray ny mpiasa dia tsy misy afa-tsy ny fahazoan' antoka ihany fa ampy fahaizana amampahalalana sy fahamendrehana ilay mpiasa hampandeha an-tsakany sy an-davany sy asa asain' ny F.M. ataony. Jerena ihany koa koa anefa ny lafiny ara-jeografika araka izay azo atao rehefa mandray ireo mpiasa ho anisan' ny mpandraharahan' ny F.M.

## *Andininy faha-102*

1) Izay fifanekena na fifanarahana iraisampirenena rehetra nataon' ny mpikambana irav ao amin' ny F.M. dia tsy maintsy lazainy amin' ny Sekretera jeneraly aorian' ny fampiharana ity dina ity, ary asehon' izy io kosa izany avy eo.

2) Raha misy olona nanao fifanekena na fifanarahana iraisam-pirenena kanefa tsy nampahafantatra araka izany dia tsy mahazo

mitondra izany ao amin' ny F.M. raha sendra misy ilàn' ny mpikambana izany.

## Andininy faha-103

Raha misy ifanolanan' ny dina ifanaovan' ny mpikambana iray amin' ny fanefa hafa iraisam-pirenena, dia izay fanefa nifanaovana tamin' ny F.M. voalazan' ity Dina ity no manan-kery.

## Andininy faha-104

Manan-jo hampihatra ny fahefany any amin' ny tanin' ny mpikambana tsirairay ny F.M. mba hahazoany manatontosa ny asany.

## Andininy faha-105

1) Manan-jo ny F.M. hampiasa ny fahefany tsy azo sakanana mba hahatrarany ny tanjona kinendriny any amin' ny tanin' ny mpikambana tsirairay.

2) Ny solontenan' ny mpikambana ao amin' ny F.M. sy ireo fonksionerany koa dia mizaka izany zo feno izany izay ilainy eo amin' ny fanatanterahana ny andraikitra asaina tontosainy.

3) Azon' ny Fivoriambe atao ny manao hafatra hoenti-mametra ny fampiharana ny paragrafy 1 sy 2 amin' ity andininy ity na manolotra soson-kevitra amin' ny mpikambana reheitra ny maha-mety ny hanaovana fivoriana momba izany.

TOKO XVII

## FEPETRA TETEZA-MITA MOMBA NY FILAMINANA

### *Andininy faha-106*

Eo am-piandrasana ny fampiharana ny fifanarahana manokana araka izay voalazan' ny andininy faha-43 izay heverin' ny Filankevim-pilaminana fa mamela azy hampihatra ny fepetra voalazan' ny andininy faha-42, dia azon' ireo Firenena efatra manao ny fanambarana tany Mosko tamin' ny 30 oktobra 1943 sy Frantsa atao ny miara-mivory, ka raha ilainy dia hiantso solontena hafa izy ireo amin' izany, araka izay voalazan' ny paragrafy faha-5 amin' ity Fanambarana ity, ny hanao asa iombonana amin' ny anaran' ny F.M. ka ilaina ho fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisampirenena.

### *Andininy faha-107*

Tsy fepetra milaza mihitsy ato amin' ity Dina ity fa raràna tsy handray anjara amin' ny asa iombonana ho enti-mitandro ny fandriampahalemana izay tany fahavalon' ny anankiray amin' ny mpanao sonia ity dina ity tamin' ny ady lehibe faharoa.

TOKO XVIII

SOSON-KEVITRA

## *Andininy faha-108*

Ny soson-kevitra rehetra natao tamin' ity Dina ity dia manan-kery avy hatrany rehefa nolanian' ny ankamaroan' ny mpikambana ao amin' ny F.M (ny androatokony), ka nanatrika ny Fivoriambe ary nankatoavina araka ny voalazan' ny fepetra manan-kery momba izany, ka nanaiky izany koa ireo mpikambana maharitra ao amin'ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andininy faha-109*

1) Mety ho azo voriana ny kaoferansin' ny mpikambana rehetra ao amin' ny F.M. handinika ny fanaovana ity Dina ity, ka ny daty hanaovana izany dia ho ferana araka ny latsa-bato hataon' ny fivoriambe, rehefa eken' ny androatokon' ny mpivory sy neken' ny sivy amin' ireo mpikambana ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana. Vato iray no alatsaky ny mpikambana tsirairay amin' izany kaonferansy izany.

2) Manan-kery ny fanovana rehetra natao tamin' ity Dina ity rehefa nolanian' ny androatokon' ny mpikambana, ka nankatoavina

araka ny fepetra manan-kery izany, ka neken' ny mpikambana maharitry ny Filan-kevim-pilaminana.

3) Raha toa tsy novoriana talohan' ny fivoriana faha-10 fanaon' ny Fivoriambe izany kaonferansy izany izay manaraka ny daty hampiharana ity Dina ity, dia azo atao ny manao tolo-kevitra hiantsiana azy, ka dinihina ao amin' ny fivoriambe manaraka izany ary dia voriana ilay kaonferansy rehefa tapaky ny latsa-bato nataon' ny maro an' isa ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana.

## TOKO XIX

## FANKATOAVANA SY SONIA

### *Andininy faha-110*

1) Ity Dina ity dia ankatoavin' ny Fanjakana nanao sonia azy araka ny fepetra voalazan' ny lalàm-panorenany avy.

2) Hatolotra ny governemantan' i Etazonian' Amerika izany fankatoavana izany ary dia izy indray no mampahafantatra azy amin' ny Fanjakana rehetra nanao sonia ny Dina sy amin' ny Sekretera Jeneralin' ny F.M. koa.

3) Manan-kery ity Dina ity rehefa tafapetraka ny fankatoavan' ny Repoblikan' i Shina Frantsa, Firaisan' ny Repoblika sosialista sovietika, Angletera, Irlandy avaratra ary

Etazonian' i Amerika sy ny ankamaroan' ny Fanjakana nanao sonia azy. Hisy filazana an-tsoratra 'milaza izany fametrahana izany hataon' ny governemantan' i Etazonian' i Amerika ka hampitainy amin' ny Fanjakana rehetra nanao sonia ity.

4) Ny Fanjakana rehetra nanao sonia ity hatrany ao amin' ny F.M. amin' ny daty nametrahany izany fankatoavana nataony izany

## *Andininy faha-111*

Ity Dina ity izay nosoratana tamin' ny nametrahany izany fankatoavana nataony teny sinoa, frantsay, rosianina, espaniola dia azo antoka ary hapetraka ao amin' ny fitahirizan-taratasim-panjakanan' ny Governemantan' i Etazonian' i Amerika. Hisy kopian' izy io koa hatolony ho an' ny governemantan' ny Fanjakana hafa araka ny voalazan' ny fepetra rahateo.

Ho fanamafisana izany dia nanao sonia ity ny solontenan' ny Governemantan' ny Firenena Mikambana.

Natao teto San-Francisco tamin' ny enina ambin' ny roapolo jona taona dimy ambin' ny efa-polo sy sivin-jato sy arivo.

**SATAN' NY FITSARANA IRAISAM-PIRENENA**

## *Andininy 1*

Ny Fitsarana iraisam-pirenena dia natoron' ny Dinan' ny F.M. ho toy ny organina anankiray hisahana ny raharaham-pitsarana samihafa, ka hiasa araka ny fepetra samihafa voalaza ato amin' ity Dina ity.

TOKO I

RAFI-PANDAMINAN' NY FITSARANA IRAISAM-PIRENENA

## *Andininy 2*

Ny Fitsarana iraisam-pirenena dia firaisandraharahan' ny mpitsara mizaka fahaleovantena, ka nofidina tamin' ireo olona manam pahefana isan-karazany, ka tsy nijerena fihaviana na volon-koditra, fa ny fahaizany sy ny fahamendrehany ihany no nifantenana azy sy ny nahafenoany ny fepetra samihafa notakiana taminy hahazoany miasa ao amin' izany sampana iraisam-pirenena misahana Fitsarana izany. Mety ilàn-kevitra momba ny lalàna koa ny mpitsara ao anatin' ity sampana iray ity. ka ny lafiny mikasika ny lalàna iraisam-pirenena indrindra no ilàna ny fahaizana amin' izany

## *Andininy 3*

1) Misy mpikambana 15 ao amin' ity Fitsarana ity. Tsy azo atao mihoatry ny anankiray ny olona avy amin' ny tany iray ao amin' ity Fitsarana ity.

2) Koa noho izany, izay mpitsara heverina fa solontena tafahoatra avy amin' ny tany iray, dia tsy iza fa ny olona mizaka ny zo sivily sy politika ao amin' io tany io.

## *Andininy 4*

1) Ny mpikambana dia fidin' ny Fivoriambe sy ny Filan-kevim-pilaminana avy amin' ny lisitry ny olona natolotry ny ankolafin' o'ompirenen-tsamihafa ao amin' ny Fitsarana maharitra mpanelanelana, mifanaraka amin' izao fepetra lazaina manaraka izao.

2) Momba ireo mpikambana ao amin' ny F.M. izay tsy manana solontena ao amin' ny Fitsarana maharitra mpanelanelana, dia ny governemanta tsirairay avy kosa no manendry azy ireny ho ao amin' izany toerana izany araka ny fahaizany avy mifanaraka amin' ny zava-boalazan' ny andininy faha-44 ao amin' ny Fifanarahana tany La Haye tamin' ny 1907 mikasika ny fomba enti-mandrindra ny fifanolanana iraisam-pirenena.

3) Raha toa tsy misy fifanarahana manokana, dia ny Fivorimbe, araka ny tolo-kevitry ny Filan-kevim-pilaminana no mandrindra ny fombafomba enti-mandray anjara amin' ny fifidianana ny mambra ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

## *Andininy 5*

1) Telo volana alohan' ny fifidianana raha ela indrindra dia antsoin' ny Sekretera Jeneralin' ny F.M. an-tsoratra ny mpikambana ao amin' ny Fitsarana maharitra mpanelanelana avy amin' ny Fanjakana anisan' ny voalazan' ity sata momba izany ity, torak' izany koa ny ankolafin' olona avy amin' ny firenena-tsamihafa araka ny voalazan' ny paragrafy faha-42 ao amin' ny andininy faha-4 mba hanolotra ireo solontena heveriny fa afa-manatanteraka ny asan' ny mambra ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

2) Ny gropy iray dia tsy afa-manolotra olona mihoatran' ny efatra, ka ny roa dia ho avy amin' ny fizakana zom-pirenena hafa.

## *Andininy 6*

Alohan' ny hanaovana izany fanendrena izany, dia angatahina ny gropy isam-pirenena mba hifampidinika amin' ny sampan-draharaha

manam-pahaizana any aminy avy toy ny fakiolite na sekoly ambony hafa momba ny lalàna na akademia iraisam-pirenena mba hahafantarany izay tokony hatao.

## *Andininy 7*

1) Manao lisitra ny anaran' ny olona voatendry ny Sekretera jeneraly, ka manaraka ny abidia no hanaovany izany ary dia avy amin' ireo ihany no azo ifidianana araka ny zavahoalazan' ny paragrafy faha-2 ao amin' ny andininy faha-12.

2) Alefan' ny Sekretera Jeneraly any amin' ny Fivoriambe sy ny Filan-kevim-pilaminana izany lisitra izany.

## *Andininy 8*

Tsy mifampiankina akory, fa samy manana ny fahaleovantenany avy ny Fivoriambe sy ny Filan-kevim-pilaminana rehefa mifidy ny ho mpikambana ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

## *Andininy 9*

Amin' ny fifidianana izay ataony dia tsy main'ny ho mby ao an-tsain' izay mpifidy fa ny olona tokony ho fidiny dia tsy maintsy mba mahalala ahay ny fipetraky ny endrika ankapoben' ny lalàna iraisam-pirenena mbamin' ny sivilizasiona nitondra ho amin' izany any amin' ireny firenen-tsamihafa ireny.

## *Andininy 10*

1) Izay mahazo ny ankamaroambɔn' ny vaton' ny Fivoriambe na ny an' ny Filan-kevim-pilaminana no voafidy.

2) Tsy manavaka izay maha-mpikambana maharitra na mpikambana tsy maharitra ny latsa-bato ao amin' ny Filan-kevim-pilaminana rehefa mifidy izay ho mpitsara ao amin' ny l-itsarana iraisam-pirenena araka izay voalazan' ny andininy faha-12.

3) Raha toa ka olona anankiroa avy amin' ny Fanjakana iray ihany no sendra voafidin' ny Fivoriambe sy ny Filan-kevim-pilaminana dia izay be taona indrindra no lany.

## *Andininy faha-11*

Raha toa ka vita ny fifidianana amin' ny fotoam-pivoriana anankiray, kanefa mbola misy toerana banga dia azo atao ny mivory indroa na intelo hifidianana izay hitana izany.

## *Andininyfaha-12*

1) Raha toa efa in-telo nisesy, kanefa mbola misy toerana banga ihany dia azo atao ny manangana vaomiera mpampihavana na mpandrindra rehefa mangataka izany ny Fivo-

riambe na ny Filan-kevim-pilaminana, ka hisy olona 6 ao amin' izy io : 3 avy amin' ny Fivoriambe, 3 avy amin' ny Filan-kevim-pilaminana, ka ireo no hifidy olona hatolotra ny Fivoriambe na ny Filan-kevim-pilaminana.

2)Na dia olona tsy voatolotra mialoha araka ny voalazan' ny andininy faha-7 aza, dia azon' ilay Vaomiera mpandrindra atao ny mametraka ny anarany ao amin' ny lisitra ahitana ny olona nahafeno ny fepetra voalaza mialoha na nahazo vato betsaka ihany koa tamin' ny fifanenana natao.

3) Raha toa ilay Vaomiera mahatsapa ny tenany fa tsy afaka hanao ny latsa-bato intsony, dia azon' ireo mpikambana efa voatendry ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena no manendry olon-kafa hameno ny toerana banga, ka ny sasany amin' ireo olona efa nahazo vato betsaka ihany no fidiany amin' izany na tao amin' ny Fivoriambe na tao amin' ny Filan-kevim-pilaminana.

4) Raha toa indray ka misy vato mitovy ao amin' ny olona nofidina, dia ny vato arotsaky ny mpitsara zokiolona no manan-kery.

## *Andininy faha-13*

1) Fidina hiasa mandritra ny 9 taona ny mambra ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena ary azo fidina fanindroany. Momba ireo mpitsara notendrena tamin' ny fifidianana voalohany nataon' ny Fitsarana kosa dia mifarana ao anatin' ny 3 taona ny asan' ny mpitsara 5 ary ny an' ny mpitsara 5 hafa kosa dia mifarana ao anatin' ny 6 taona.

2) Ireo mpitsara izay mifarana ny asany rehefa afaka 3 na 6 taona araka izay voalaza etsy aloha dia hanaovana an-tsapaka indray ny fanendrena azy, ka ny Sekretera Jeneraly no manao izany raha vao vita ny fifidianana voalohany.

3) Mijanona amin' ny toerany ny mambra ao amin' ny Fitsarana mandra-pahatapitry ny fe-taonany avy, ka hanoloana azy. Rehefa nosoloana izy ireo dia mbola azony atao ihany ny mahafantatra ny fandehan-draharaha izay efa nosahaniny teo aloha.

4) Raha miala ny mambra iray ao amin' ny Fitsarana, dia any amin' ny filohan' ny Fitsarana no halefany ny fangatahan-pialana, ka io kosa indray no handefa izany any amin' ny Sekretera Jeneraly. Izany dia mitarika fahabangan' ny toerana avy hatrany.

## *Andininy faha-14*

Amin' ny volana manaraka ny fialan' ny mambra iray dia afaka miantso fivoriana ny Sekretera Jeneraly mba hanaovana fifidianana vaovao araka izay soritan' ny andininy faha-5 ary ny Filan-kevim-pilaminana kosa no hanondro ny daty hanaovana ny fifidianana.

## *Andininy faha-15*

Ny mambra ao amin' ny Fitsarana voafidy hisolo izay mambra nametra-pialàna antenantenam-potoana dia manapitra avy hatrany ny fe-potoam-piasan' io nosoloany io.

## *Andininy faha-16*

1) Tsy afaka manao asa politika na administratifa ny mambra ao amin' ny Fitsarana ary tsy mahazo manao asa hafa ankoatry ny asa maha-mpikambana azy ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

2) Raha sendra misy mampiahiahy, dia afaka manapa-kevitra ny Fitsarana.

## *Andininy faha-17*

1) Tsy mahazo manao asan' ny mpanolokevitra na mpisolo vava ny mambra ao amin' ny Fitsarana raha misy raharaha hotsaraina.

2) Tsy mahazo mandray anjara amin' ny fitsarana raharaha iray izay maha-mpanolokevitra azy ny mpikambana ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

3) Raha misy mampiahiahy, dia afa-manapa-kevitra ny Fitsarana.

## *Andininy faha-18*

1) Tsy misy mambra azo esorina amin' ny asany raha tsy ny ankamaroan' ny mpikambana no manapaka fa tsy mahafeno ny fepetra ilaina haha-mpikambana intsony izany mpikambana izany.

2) Hampahafantatra ny Sekretera Jeneraly momba izany ny mpiandraiki-draharahan' ny Fitsarana.

3) Mitoraka fahabangan' ny toerana avy hatrany ny fisian' ny olona naato amin' ny raharahany.

## *Andininy faha-19*

Mizaka ny zo sy tombontsoa diplaomatika ny mpikambana ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena mandritra ny fotoana hanaovany izany asany izany.

## Andininy faha-20

Ny mambra rehetra ao amin' ny Fitsarana dia tsy maintsy manaiky am-pahibemaso fa hanatanteraka an-tsakany sy an-davany ny asany tsy am-piangarana na fitongilanana, ka hanaraka mandrakariva ny feon' ny fieritreretany.

## Andininy faha-21

1) Tendren' ny Fitsarana hiasa mandritra ny telo taona ny Prezidany sy ny Prezidalefiny ary samy azo fidina fanindroany izy ireo.

2) Manendry ny mpiandraiki-draharahany koa izy na mpiasa hafa heveriny fa ilainy.

## Andininy faha-22

1) Any La Haye no misy ny foiben-toeran' ny Fitsarana. Raha toa anefa ka heveriny fa mety dia azon' ny Fitsarana atao ny manao ny asany any ivelan' io foiben-toerany io.

2) Samy mitoetra ao amin' ny foiben-toerana ny prezida sy ny mpiandraiki-draharaha.

## Andininy faha-23

1) Miasa hatrany ny Fitsarana ira'sampirenena, raha tsy hoe tonga ny fotoam-pialan-tsasatry ny fitsarana, ka izy ihany no mametra ny daty sy faharetan' izany.

2) Afaka miala sasatra ny mpitsara ao amin' ny Fitsarana ka io Fitsarana io ihany no mametra ny daty sy faharetan' izany arakaraka izay fifanalaviran' ny foibe ao La Haye amin' ny tany nihavian' ireny mpikambana ireny.

3) Tsy maintsy azon' ny Fitsarana antsoina amin' ny fotoana rehetra ny mpikambana raha tsy hoe : angaha misy antony lehibe misakana azy, ka nandefasany fanamarinana tany amin' ny Filoha izany.

## *Andininy faha-24*

1) Raha toa ka tsy araka handray anjara amin' ny fitsarana raharaha iray ny mpikambana iray dia tsy maintsy milaza mialoha izany amin' ny Filoha izy.

2) Raha toa heverin' ny Filoha fa tsy tokony hanatrika ny fandinihana raharaha iray ny mpikambana iray noho ny antony manokana dia hampandre mialoha io izy.

3) Raha toa kosa ka tsy mitovy hevitra momba izany ny Filoha sy ilay mambra, dia ny Fitsarana no hanapa-kevitra.

## *Andininy faha-25*

1) Raha tsy noho ny antony tena maika araka izay voalazan' ny Dina, dia tsy maintsy ampahibemaso hatrany no hanaovan' ny Fitsarana ny asany.

2) Azon' ny fitsipika anatiny mifehy ny Fitsarana ny mamela ny mambra sasany tsy handray anjara amin' ny fandinihan-draharaha raha toa ka tsy latsaky ny 11 ny isan' ny mpitsara ao amin' ny Fitsarana mandray anjara amin' izany.

3) Ampy ny mpitsara 9 mba handinidraharaha ao amin' ny Fitsarana.

## *Andininy faha-26*

1) Azon' ny Fitsarana atao ny mitsinjarazara ho «chambres», ka ho 3 isaky ny «chambre» ny mpitsara amin' izany, ka samy handinika raharaha samy hafa avy ny chambre iray. Ohatra, raharaha momba ny asa na momba ny fifamoivoizana sy fifandraisan-davitra.

2) Azon' ny Fitsarana atao koa ny manangana «chambre» manokana mihitsy hitsara raharaha voasoritra anankiray raha ilainy izany. Ny Fitsarana ihany no hametra izay ho isan' ny mpitsara ao amin' izany «chambre» izany, ka hanontaniana ny hevitry ny mpiady.

3) Afaka mamoaka didy ireo «chambres» voalazan' ity andininy ity raha mangataka izany ny mpiady.

## *Andininy faha-27*

Izay didim-pitsarana avoakan' ny «chambre» tsirairay dia azo heverina ho navoakan' ny Fitsarana koa, araka ny voalazan' ny andininy faha-26 sy 27.

## *Andininy faha-28*

Afaka manao ny asany any ivelan' ny La Haye ireo chambres voalazan' ny faha-26 sy 29, raha toa ka mangataka izany ny mpiady.

## *Andininy faha-29*

Mba hampandeha haingana ny raharaha dia manendry «chambre» iray isan-taona misy mpitsara 5 ny Fitsarana, ka tendreny izy ireo hamoaka didy vonjimaika raha toa ka mangataka izany ny mpiady. Mbola misy mpitsara roa hafa azony tendrena koa hisolo izay tsy afaka hitsara raha ilainy izany.

## *Andininy faha-30*

1) Mamoaka fepetra anankiray ny Fitsarana hamerany ny andraikiny ary mbola izy ihany koa no mametra ny fombafombam-pitsarana samihafa entiny mandini-draharaha.

2) Afaka manendry «assesseurs» koa ny Fitsarana hanampy ny mpitsara saingy tsy mandatsa-bato akory izy ireny raha misy latsa-bato atao.

## *Andininy faha-31*

1) Manohy ny asa maha-mpitsara azy ihany ny mpikambana ao amin' ny Fitsarana na dia raharaha mikasika ny tany nihaviany aza no dinihana.

2) Afaka manendry mpitsara hafa koa ny mpiady araka ny voalazan' ny andininy faha-4 sy faha-5.

3) Raha toa ka tsy misy mpitsara avy amin' ny tany mpifanolana mihitsy ao amin' ny Fitsarana, dia ny azon' ny iray amin' ny mpiady atao ny manendry izay olona tiany hotendrena hanao ny andraikitra voalazan' ny paragrafy etsy aloha.

4) Azo hampiharina amin' ny zava-boalazan' ny andininy 26 sy 29 ity andininy ity. Raha ilaina dia zon' ny Filoha atao ny mangataka ny mpikambana iray na roa mba hanome ny toerany ho an' ireo olona avy amin' ny tany mifanolana, ary raha tsy afaka ireo dia izay mpitsara notendren' ny tany mpifandona.

5) Raha toa ka tany maromaro no indray miray hevitra, dia tokana ihany no anisana azy raha misy mampisalasala dia manapakevitra avy hatrany ny Fitsarana.

6) Ny mpitsara notinendry araka ny voalaza ao amin' ny paragrafy faha-2, 3 sy 4 amin' ity andininy eto ity dia tsy maintsy manome fahafaham-po ny fepetra voalazan' ny andininy faha-2 sy 17 (paragrafy 2), 20 sy 24 amin' ity Dina ity. Mandray anjara amin' ny fanapahan-kevitra izay araka ny fepetra mitandro ny fitoviana eo amin' ny samy mpitsara.

## *Andininy faha-32*

1) Mandray karama isan-taona ny mpikambana amin' ny Fitsarana.

2) Ny Filoha kosa no mandray fanampinkarama isan-taona manokana.

3) Mahazo torak' izany koa ny Visyprezida isaky ny andro izay hanaovana ny asan' ny Filoha.

4) Omena karama mifanentana amin' ny andro niasany ny mpitsara notendrena ho fampiharana ny andininy faha-31.

5) Ireny karazan-karama ireny dia ny Fivoriambe no mametra azy ary tsy azo hahena mihitsy mandritra ny fe-potoana hiasana.

6) Ny karaman' ny mpiandraiki-draharaha koa dia ny Fivoriambe no mametra azy araka ny tolo-kevitry ny Fitsarana.

7) Ny Fivoriambe no mandany ny fitsipika enti-mametra ny fombafomba enti-manome ny karazan-karama ho an' ny mambra ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena sy ny mpiandraiki-draharahany sy ny fepetra samihafa enti-manohitra ny fandaniana nataon' ny mambra sy ny mpiandraiki-draharaha tamin' ny dia nataony tany ivelany.

8) Tsy mba andoavan-ketra akory ireo karazan-karama sy onitra omena ny mambra ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena ireo.

## *Andininy faha-33*

Ny F.M. kosa no mizaka ny fandaniana samihafa ataon' ny Fitsarana iraisam-pirenena araka izay nandanian' ny Fivoriambe azy.

## TOKO II

## FAHEFAN' NY FITSARANA

## *Andininy faha-34*

1) Ny Fanjakana ihany no hany mahazo miseho eo anatrehan' ny Fitsarana iraisampirenena.

2) Azon' ny Fitsarana iraisam-pirenena atao ny mangataka fanazavana na torohevitra amin' ny organisma iraisam-pirenena hafa ho entiny miasa amin' ny fandinihana ny raharaha tsarainy.

3) Raha toa ka voakasika amin' ny raharaha anankiray tsaraina ny fitsipi-panorenan' ny organisma iraisam-pirenena iray eo ampitsarana raharaha iray, dia azon' ny Fitsarana atao ny miantso izany organisma izany mba hanolotra azy fombafombam-pitsarana voasoratra mikasika ilay raharaha.

## *Andininy faha-35*

1) Misokatra ho an' ny Fanjakana rehetra voalazan' ity Sata ity ny Fitsarana iraisam-pirenena.

2) Ny fepetra isehoan' ny Fanjakana eo anatrehan' ny Fitsarana iraisam-pirenena dia faritan' ny Filan-kevim-pilaminana mba hahazoan' antoka ny fitovian-jon' ny Fanjakana samihafa eo anatrehan' ny Fitsarana.

3) Raha toa kosa misy Fanjakana tsy mpikambana ao amin' ny F.M. kanefa anisan' ny manan-javatra tsaraina dia hoferan' ny Fitsarana ny saram-pitsarana tokony haloany. Tsy mihatra kosa anefa izany fepetra izany raha toa, ka efa mandray anjara amin' ny fizakana ny fandanian' ny Fitsarana iraisam-pirenena ilay Fanjakana.

## *Andininy faha-36*

1) Afaka mitsara ny raharaha rehetra atolotry ny mpiady azy ny Fitsarana iraisampirenena, indrindra moa fa ireo zava-boalazan' ny Dinan' ny F.M. na fifanekena amampifanarahana efa manan-kery.

2) Ny Fanjakana na mpifanaiky araka izay voalazan' ity sata ity dia tsy maintsy mankatoa ny fanapahan-kevitra samihafa noraisin' ny Fitsarana momba ny Fanjakana hafa, indrindra fa eo amin' izay mikasika ny :

a) fandikàna ny hevitry ny fifanekena;

b) hevi-dalàna iraisam-pirenena;

d) fahamarinam-pototry ny zava-niseho ka nandika ny fifanarahana iraisampirenena;

e) ny endrika amam-piharan' ny fanonerana vokatry ny fandikana ny fifanarahana iraisam-pirenena.

3) Ireo fanambarana rehetra voalaza eo ambony ireo dia azon' ny Fanjakana maro na vitsivitsy atao amim-pahatsorana ampiharana amin' ny fifanekem-pifampitondrana ifanaovana mandritra ny fotoana voafetra.

4) Alefa amin' ny Sekretera Jeneralin' ny F.M. ireo fanambarana ireo, ka izy kosa indray no handefa sosony amin' ny mpifanaiky amin' ity sata ity sy amin' ny mpiandraiki-draharahan' ny Fitsarana.

5) Ny fanambarana natao ho fampiharana ny andininy faha-36 amin' ity Satan' ny Fitsarana iraisam-pirenena ity dia azo heverina ho mitondra avy hatrany ny fepetra ankapobeny voalaza ato ka nankatoavin' ny mpifanaiky rehetra.

6) Raha misy fisehoan-javatra mety mampisalasala na manam-pahefana na tsia ny Fitsarana, dia mamoaka didy momba izany avy hatrany ny Fitsarana.

## *Andininy faha-37*

Raha misy fifanekena efa manan-kery milaza ny tokony hanorenana sampam-pitsarana iray hitsara raharaha manokana ao anatin' ny F.M., dia anjaran' ny Fitsarana iraisam-pirenena ny manorina izany hitsara ireo adin' ny mpifanolana, ka samy manaiky ity Sata ity.

## *Andininy faha-38*

1) Amin' ny maha-mpitsara ny fifanolanana iraisam-pirenena azy dia toy izao avy ny zavatra ampiharin' ny Fitsarana :

a) ny fifanekena iraisam-pirenena na ankapobeny na manokana ka mikasika ireo fitsipika efa nankatoavin' ny Fanjakana mifanolana;

## *Andininy faha-56*

1) Lazaina ny antonanton' ny didim-pitsarana.

2) Lazaina koa ny anaran' ny mpitsara nitsara ny raharaha.

## *Andininy faha-57*

Raha toa tsy mifanaraka amin' ny hevitry ny mpitsara rehetra na ny ampahany aminy ny didy, dia azon' ny mpitsara ny mamelabelatra ny heviny manokana mikasika ilay didimpitsarana nivoaka.

## *Andininy faha-58*

Ny Prezida sy ny mpiandraiki-draharaha no manao sonia ny didim-pitsarana navoaka. Vakiana am-pahibemaso izany didy izany, rehefa nilazana mialoha hihaino azy ireo solontena solo-vava isan-tokony.

## *Andininy faha-59*

Ho an' ireo mpifanolana no hampiharana ny didim-pitsaran' ny Fitsarana iraisam-pirenena, torak' izany koa amin' ny lafin-javatra voakasika ao amin' ny didy.

## *Andininy faha-60*

Hentitra ary tsy azo nakàna fitsarana hafa ny didim-pitsarana. Raha misy fanoherana

b) ny fomba amam-panao iraisam-pirenena ho toy ny porofon' ny fifankaleovana ankapobeny, ka manjary toy ny lalàna iombonana;

d) ny foto-kevitra ankapobeny momba ireo lalàna nankatoavin' ny fanjakana efa mandroso;

e) ny fanapahan-kevitry ny fitsarana sy ny tsangan-kevitry ny mpahay avy amin' ny fanjakana samihafa, ka izany no toy ny fitaovana mpanampy eo amin' ny fampiharana ny fepetry ny lalàna.

2) Tsy mahatohina ny fahefan' ny Fitsarana akory ny fepetra toy izany raha toa ka mihevitra ny an-daniny sy an-kilany fa tànana ny fomba amam-panao hatramin' izay.

## TOKO III

## FOMBAM-PITSARANA

### *Andininy faha-39*

1) Ireto avy ny teny ofisialy ampiasain' ny Fitsarana iraisam-pirenena : teny frantsay sy anglisy. Raha mifanaraka ny mpifanolana fa atao amin' ny teny frantsay ny fombafombam-pitsarana dia amin' io teny io koa no hamoahana ny didim-pitsarana ary toy izany koa momba ny teny anglisy.

2) Raha toa ka tsy misy fifanarahana momba izay teny ampiasaina, dia afaka mifanaraka ny mpifanolana momba izay teny ampiasaina amin' ny fiarovan-tenany avy ary ny didim-pitsarana kosa dia havoaka amin' ny teny frantsay sy anglisy.

3) Raha misy fangatahan' ny mpiady, dia afaka manome làlana ny Fitsarana mba hampiasana teny hafa ankoatry ny teny frantsay sy anglisy.

## *Andininy faha-40*

1) Ny raharaha rehetra asaina tsarain' ny Fitsarana iraisam-pirenena dia alefa an-tsoratra amin' ny mpiandraiki-draharaha. Tsy maintsy tondroina mazava ao amin' ny taratasy ny anton-javatra ifanolanana.

2) Omen' ny mpiandraiki-draharaha avy hatrany amin' ireo mpifanolana ny ventin' ny fitarainana voarainy.

3) Ampandrenesiny koa ny mambra ao amin' ny F.M. amin' ny alalan' ny Sekretera Jeneralin' ny F.M. sy ireo Fanjakana hafa rehetra nomem-pahefana ho afa-mitondra raharaha ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

## *Andininy faha-41*

1) Azon' ny Fitsarana atao ny manondro izay fepetra vonjimaika ampiharina, raha toa ka heveriny fa mila izany ny fisehoan-javatra rehefa eo am-perin' ady.

2) Eo am-piandrasana ny didy raikitra, dia ampahafantarina ny mpiady ireo fepetra ireo, torak' izany koa amin' ny Filan-kevim-pilaminana.

## *Andininy faha-42*

1) Solontena no miteny amin' ny anaran' ny mpiady.

2) Nefa afaka mandefa avokà na mpisolovava hafa koa ny mpiady hisolo tena azy.

3) Manana ny fahaleovantena sy ny «tsimatimanota» voalazan' ny lalàna ireo mpisolotena ireo eo am-panaovana ny asany.

## *Andininy faha-43*

1) Ambaratonga roa no izoran' ny fombampitsarana : an-tsoratra sy am-bava.

2) Ny fombam-pitsarana an-tsoratra dia ahitana ireo fifamaliana sy fifandaharana samihafa, ny valin-teny omen' ny andaniny ny ankila sy ny taratasin' ady mifanojo amin' izany.

2) Raha toa ka tsy misy fifanarahana momba izay teny ampiasaina, dia afaka mifanaraka ny mpifanolana momba izay teny ampiasaina amin' ny fiarovan-tenany avy ary ny didim-pitsarana kosa dia havoaka amin' ny teny frantsay sy anglisy.

3) Raha misy fangatahan' ny mpiady, dia afaka manome làlana ny Fitsarana mba hampiasana teny hafa ankoatry ny teny frantsay sy anglisy.

## *Andininy faha-40*

1) Ny raharaha rehetra asaina tsarain' ny Fitsarana iraisam-pirenena dia alefa an-tsoratra amin' ny mpiandraiki-draharaha. Tsy maintsy tondroina mazava ao amin' ny taratasy ny anton-javatra ifanolanana.

2) Omen' ny mpiandraiki-draharaha avy hatrany amin' ireo mpifanolana ny ventin' ny fitarainana voarainy.

3) Ampandrenesiny koa ny mambra ao amin' ny F.M. amin' ny alalan' ny Sekretera Jeneralin' ny F.M. sy ireo Fanjakana hafa rehetra nomem-pahefana ho afa-mitondra raharaha ao amin' ny Fitsarana iraisam-pirenena.

3) Ny filazana dia ataon' ny mpiandraikidraharaha araka ny filaharana sy fe-potoana feran' ny Fitsarana.

4) Izay taratasy rehetra atolotry ny andaniny ny Fitsarana dia tsy maintsy hanomezana sosony ara-dalàna ny ankilany, ka mitovy tanteraka izany.

5) Ny fombam-pitsarana am-bava kosa dia izay atao eo imason' ny Fitsarana : fihainoana ny vavolombelona, manam-pahaizana, mpisolo-vava sy avokà.

## *Andininy faha-44*

1) Raha miantso olon-kafa ankoatry ny mpisolo-vava sy avokà ny Fitsarana, dia mandefa taratasy mivantana amin' ny governemantan' ilay Fanjakana voakasiky ny raharaha izy.

2) Torak' izany koa no arahina raha toa ka ilaina ny hankanesana any an-toerana hijerena ny porofo samihafa.

## *Andininy faha-45*

Ny Filoha no mitarika ny fifandaharana, raha tsy ao izy, dia ny lefiny. Raha tsy afaka koa io, dia izay zokiolona amin' ny mpitsara no mitarika ny Fitsarana.

## *Andininy faha-46*

Am-pahibemaso ny Fitsarana, raha tsy ohatra angaha ka misy fanapahan-kevitra hafa na ny mpiady roa tonta mihitsy no mangataka hamoahana ny besinimaro.

## *Andininy faha-47*

1) Ny fizotran' ny fitsarana dia raisin' ny mpiandraiki-draharaha sy ny filoha an-tsoratra ary soniavin' izy ireo.

2) Io fitanan-tsoratra io ihany no hany ara-dalàna.

## *Andininy faha-48*

Mamoaka hitsivolana mikasika ny fomba-fomba itondrana ny fifandaharana eo ampelin' ady ny Fitsarana sy izay fe-potoana mitovy omena ny an-daniny sy an-kilany amin' izany. Raisiny koa ny fepetra ilaina amin' ny fitantanana ny porofo samihafa.

## *Andininy faha-49*

Na dia alohan' ny hisokafan' ny fifandaharana aza dia azon' ny Fitsarana atao ny mangataka ireo mpisolo-vava mba hanome fanazavana antonta-taratasy samihafa. Raha mandà izany ireo, dia soratan' ny Fitsarana ny fandavany.

## *Andininy faha-50*

Amin' ny fotoana rehetra dia azon' ny Fitsarana hankinina amin' izay olona na birao na vaomiera na fikambanana nofinidiny hanao izany ny famotorana na fandalinana samihafa ilaina amin' ny fitsarana ny raharaha.

## *Andininy faha-51*

Eo am-perin' ady, dia apetraka avokoa ny fanontaniana samihafa na amin' ny vavolombelona na manam-pahaizana manokana araka ny fepetra hoferan' ny Fitsarana mifanaraka amin' ny fitsipika voalazan' ny andininy faha-30.

## *Andininy faha-52*

Rehefa mahazo ara-potoana ny antontataratasy na porofo samihafa nilainy ny Fitsarana, dia mety tsy ho raisiny intsony ny porofo na antonta-taratasy hafa tsy nanaraka ny fe-potoana ara-dalàna ny fanomezana azy.

## *Andininy faha-53*

1) Raha tsy mitranga eo am-perin' ady ny iray amin' ny mpifanolana na tsy mampiseho koa izay heviny na tsy eo aza izy, dia azon' ny andaniny atao kosa ny mangataka amin' ny Fitsarana ny andraisana ny fehinkevitra nomaniny.

2) Raha mandray izany kosa ny Fitsarana dia manamarina tsara aloha izy na manampahefana tokoa hitsara ny raharaha araka ny voalazan' ny andininy faha-36 sy 37 izy na tsia ary koa mitombina araka ny lalàna sy ny zava-misy ny fehin-kevitra na tsia.

## *Andininy faha-54*

1) Rehefa samy afa-po amin' ny fifandaharana ny mpisolo-vava sy avokà amin' ny an-daniny sy an-kilany ary samy nampiseho ny fiarovan-tena heveriny fa ilaina avy, dia azon' ny Prezida atao ny milaza ny fifaranan' ny fifandaharana.

2) Ary dia misintona ny Fitsarana mba handinika ny raharaha.

3) Miafina tanteraka ny fandinihana ataon' ny Fitsarana amin' ny famoahana didimpitsarana.

## *Andininy faha-55*

1) Ny ankamaroan' ny mpikambana no manapa-kevitra momba ny didim-pitsarana avoakan' ny Fitsarana.

2) Raha toa ka misy isam-bato mitovy, dia manan-kery ny vaton' ny Prezida na izay misolo azy.

azy, dia anjaran' ny Fitsarana ihany (izay namoaka didy) no mijery ny lafin-javatra nanakianana azy araka ny fangatahan'ny ankiray tamin' ireo mpifanolana.

## *Andininy faha-61*

1) Tsy azo atao ny mangataka famerenana ny didim-pitsarana raha tsy nisy lafin-javatra tsy azo lavina niseho ka mety nanova mihitsy ny fipetraky ny didy ary efa fantatry ny Fitsarana talohan' ny namoahany ny didy ary fantatry ny ankilany nanao ny fangataham-pamerenana koa izany zava-nisy nanana ny fiantraikany tamin' ny didim-pitsarana nivoaka izany.

2) Ny famerenana dia marihin' ny didy vaovao avoakan' ny Fitsarana milaza fa misy anton-javatra maika ilàna azy noho ny nahitana zava-baovao mety hampiova izany didim-pitsarana izany.

3) Azon' ny Fitsarana atao ny mampiharatona ny fampiharana ny didy efa navoakany noho izany toe-javatra izany.

4) Enim-bolana aorian' ny nahitana ilay toe-javatra vaovao no tsy maintsy hanaovana ny fangataham-pamerenana raha ela indrindra.

5) Tsy misy fangataham-pamerenana azo atao intsony raha vao dila ny folo taona nivoahan' ny didy.

## *Andininy faha-62*

1) Raha misy iray amin' ny Fanjakana mpifanolana mahatsapa fa misy tombontsoa ny fizotran' ny raharaha, dia azony atao ny ho azy ara-dalàna nefa voatohina ao amin' manao fangatahana amin' ny Fitsarana ka hanamarihany izany.

2) Ary dia manapa-kevitra momba izany ny Fitsarana.

## *Andininy faha-63*

1) Raha toa ka fanomezan-kevitra momba ny hevi-dalàna ka maha-voakasika firenena maromaro no ilain' ny Fitsarana, dia anjaran' ny mpiandraiki-draharaha no milaza izany haingana tsy misy hatak' andro.

2) Afaka mamela-kevitra eo anatrehan' ny Fitsarana izy ireo tsirairay avy ary dia mihatra amin' izy ireo koa ny fepetra mifehy ny fombafomba hanaovana izany fandikàna hevi-dalàna izany.

## *Andininy faha-64*

Raha tsy misy fanapahan-kevitra hafa raisin' ny Fitsarana, dia ny mpiady an-daniny sy an-kilany no samy mizaka ny lany momba ny fampiharana ny fombafombam-pitsarana.

TOKO IV

FILAN-KEVITRA KOA

## *Andininy faha-65*

1) Raha misy sampan-draharaha andrim-panjakana mangataka ny toro-hevitry ny Fitsarana, dia azon' io Fitsarana io ny maneho hevitra momba izay zavatra nangataham-panazavana, raha toa ka voalaza ao amin' ny Didin' ny F.M. ny fahazoan' ilay sampana na andrim-panjakana manao izany.

2) Velabelarina amin' ny Fitsarana aloha ny fipetraky ny raharaha ilàna ny hevitry ny Fitsarana, ka atao an-tsoratra izany. Ary dia ampiarahina amin' izany koa ny antontan-taratasy ilaina hoenti-manazava ilay raharaha.

## *Andininy faha-66*

1) Avy hatrany dia zarain' ny mpiandraiki-draharaha amin' ny Fanjakana rehetra nomen-dàlana hahazo mitondra raharaha hotsarain' ny Fitsarana iraisam-pirenena izany fangatahana tolo-kevitra izany.

2) Hampahafantarin' ny mpiandraiki-draharaha amin' ny Fanjakana rehetra afaka mitondra raharaha ao amin' ny Fitsarana ny

filazana fa vonona handray ny famelabelarana an-tsoratra izy, torak' izany koa amin' ny sampana iraisan-pirenena hafa mety ho afa-manome fanazavana samihafa mikasika raharaha anankiray tsaraina. Ny Prezida no mametra ny fe-potoana handraisana izany na hihainoana am-bava izay manan-kolazaina eo amin' ny fotoam-pitsarana am-pahibemaso.

3) Raha toa misy Fanjakana tsy mba voakasiky ny zava-boalazan' ny paragrafy faharoa amin' ity andininy ity, kanefa mba tehanolotra famelabelarana an-tsoratra na am-bava, dia manapa-kevitra momba izany ny Fitsarana.

4) Ny Fanjakana na sampana samihafa rehetra izay nanao famelabelarana an-tsoratra na am-bava dia mahazo mandray anjara amin' ny adi-hevitra momba ny famelabelaran' ny Fanjakana hafa araka izay fepetra efa noferan' ny Fitsarana tany am-boalohany na raha tsy nivory izy, dia ny Filoha. Ary amin' izany dia anjaran' ny mpiandraiki-draharaha no mandefa izany amin' ny Fanjakana hafa izay nandefa famelabelarana koa.

## *Andininy faha-67*

Mandritra ny fivoriany am-pahibemaso no hamakian' ny Fitsarana ny tolo-kevitra nomaniny ary hilazana izany mialoha ny Sekretera Jeneralin' ny F.M. na ny solontenan' ny mpikambana ao amin' ny F.M.

## *Andininy faha-68*

Amin' ireo andraikitra sahanin' ny Fitsarana ka anisan' izany ny filana ny heviny, dia azony atao no mampihatra ny andininy mikasika ity Sata ity raha ohatra misy ilàna izany.

## *Andininy faha-69*

TOKO V

SOSON-KEVITRA

Mitovy amin' ny fombafomba fanolorana soso-kevitra mikasika ny Dinan' ny F.M. ihany ny fanaovana soson-kevitra momba ny Sata mifehy ny Fitsarana iraisam-pirenena, raha tsy ohatra angaha ka misy fepetra hafa nolanian' ny Fivoriambe araka ny fangatahana nataon' ny Filan-kevim-pilaminana, mikasika ireo Fanjakana tsy mpikambana ao amin' ny F.M. kanefa manaiky ny Sata mifehy ny Fitsarana iraisam-pirenena kosa.

## *Andininy faha-70*

Azon' ny Fitsarana atao ny manolotra izany soson-kevitra enti-manova ity Sata ity izany, ka amin' ny alàlan' ny fampandrenesana no hanaovany azy, ka ataony an-tsoratra amin' ny Sekretera Jeneraly, mba hodinihiny

**N.B.** Ny F.M. dia fanafohezana ny hoe : FIRENENA MIKAMBANA.